

2020

21 - 28 MARTSA

Boky
Herinandro fiaraha-mivavaka
ho an'ny tanora

■ ANDRO MANERAN-TANY HO AN'NY TANORA

21 Martsa 2020

■ SABATAN'NY FIVERENANA AO AN-TRANO

28 Martsa 2020

MIFAMIHINA

NY FIFAMELANA SY NY FAMPIHAVANANA

Misy ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra isan'andro

Sampana Tanora - Foibe Manerantany
Sampana Tanora - Ranomasimbe Indiana






I Care

MPITSOAM-PONENANA . TSY MANAN-KIALOFANA . VAHINY

AOKA HO TORITENY

21 MARTSA 2020

 : Global Youth Day | web : www.globalyouthday.org

 : Jeunesse Adventiste Océan Indien | web : iouc.adventist.org/JA

#GYD20



**HERINANDRO FIARAHA-
MIVAVAKY NY TANORA 2020**

Lohateny:

NY FIFAMIHINANA

Lohahevitra:

FAMELAN-KELOKA SY FAMPIHAVANANA

**LESONA VALO MOMBA NY FAMELAN-KELOKA
SY NY FAMPIHAVANANA**

Isan'andro dia misy fifanakalozan-kevitra sy fanontaniana isam-bondrona.

Ny daty ôfisialy ho an'ny herinandro fiaraha-mivavaka dia ny:
21–28 Martsa 2020

Andron'ny Tanora Maneran-tany:
21 Martsa 2020

Sabatan'ny fiverenana ao an-trano:
28 Martsa 2020

Departemantan'ny Tanora any amin'ny Foibe maneran-tany

Mpanoratra:
Debbonnaire Kovacs

Tonian'ny Fanoratana:
Pako Mokgwane

Mpandrindra:
Maria Manderson

Manampy teo amin'ny firaketana:
Kenia Reyes

Ny mpanara-maso:
The Biblical Research Institute

Ny Mpandika Teny:
RASOLOFOJAONA Romain



NY MPANORATRA

Hatramin'ny fahazazany i Debbonaire Kovacs no nanomboka nanoratra ary nivarotra ny tantarany voalohany tamin'ny gazetiboky "Guide" (fantatra tamin'izany andro izany amin'ny hoe Junior Guide) raha vao iraika ambin'ny folo taona monja. Teo amin'ny fahefatra ambin'ny folo taonany dia "voafitaka" izy (rehefa tsy afaka nanatrika ny sekoly sabata noho ny aretina nahazo azy) tamin'ny fanaovana toriteny kely ho an'ny kaongresy lehiben'ny tanora; nihevitra izy fa ho faty! Tsy maty anefa izy! Noho izany dia nanoratra toriteny ho an'ny herinandro fiaraha-mivavaky ny tanora tao Mount Vernon Academy izy tamin'ny fahafito ambin'ny folo taonany. Tamin'ny alalan'izany koa no nivelomany!

Ankehitriny dia mpanoratra amin'ny fotoana feno izy ary mpandaha-teny koa, ary efa namoaka boky miisa 19 izy, ka anisan'izany ireo boky fianarana Baiboly ampiasain'ny taona voalohany, faharoa, fahadimy ary fahenina ao amin'ireo sekoly advantista any Amerika Avaratra, ary namoaka tantara mihoatra ny 500 sy lahatsoratra koa izy; anisan'izany ireo tantara maro ho amin'ny harena voalohany. Efa nandaha-teny nandritra ny hetsika lasy fivoriana (camp meeting) maromaro, sy fisintahana ara-panahin'ny vehivavy, ary hetsika maro hafa koa ny tenany, ary efa tsy matahotra intsony izy izao. Deraina Andriamanitra!

Mampirisika tanteraka ireo tanora mba hanatanteraka ny nofinofin'izy ireo ramatoa Kovacs fa tsy hiandry rehefa lehibe vao hanomboka hanao ny zavatra izay hiantsoan'Andriamanitra azy ireo. Ny vavaka asandrany isan'andro dia ny mba hahatonga ireo izay mamaky ny asorany hampitombo lalindalina kokoa ny diany miaraka amin'i Jesôsy. Ny rohiny moa dia ny www.debbonaire.com.

Monina ao amin'ny toeram-piompiana kely ao Berea, KY izy miaraka amin'ireo osivavy be ronono, akoho, zaridaina, ary ireo ahitra; mahay manao asan-tanana vita avy amin'ny bà ihany koa izy sy ny tenona samy hafa, sy ireo asan-tanana momba ny fanjairana. Gaela's Gardens (ny Zaridainan'i Gaela), izay mifono ny lohahevitra ny famelan-keloka sy ny fampihavanana no tantara noforoniny voalohany. Azontsika jerena ao amin'ny CreateSpace.com, amazon.com ary ny barnesandnoble.com izany. Azontsika alaina amin'ny Kindle, Nook, na ny Kobo koa izany.

VAKIO ALOHA ITY

Fanomanana ny herinandro fiaraha-mivavaka

1.Atombohy dieny izao ny fanomananao. Fantatsika fa miova, matetika, ny fitantanana rehefa faran'ny taona tahaka izao, nefa raha azo atao, raha tsy ianao intsony no ho mpitarika ny tanora amin'ny taona manaraka, dia aza atao sakana ho anao izany mba hanomananao io herinandro fiaraha-mivavaka manokana io. Atombohy ny fanomananao, apetraho ny tanjonao, atsangano ny ekipanao, ary ataovy azo antoka fa ny pasitora dia ao anatin'io ekipa io.

2.Vaovao momba ny Andro maneran-tany ho an'ny Tanora. Alaivo arapotoana ireo vaovao momba ny tetikasa ho an'ny andro maneran-tany ho an'ny tanora. Io andro io koa no hanokafana ny herinandro fiaraha-mivavaky ny tanora. Tsidihy ny rohintsika youth.adventist.org, na mifandraisana amin'ny talen'ny departemantan'ny tanora eo amin'ny saha misy anao mba ahafahanao mahita ny fomba ahazoanao mandray anjara.

3.Entano ireo miaramilam-bavakao. Manàna vondron'olon-dehibe vonona ny hivavaka ho anao sy ny asa fanompoanao amin'ny fomba mitohy. Ataovy azo antoka fa azonao izarana am-pitokiana ny zavatra ilain'ny tenanao manokana ny fitondrana am-bavaka sy ny asa fanompoanao izany vondrona izany.

4.Mifidiana hira faneva. Ampandraiso anjara ny antoko mpihiran'ny tanora ao amin'ny fiangonanao. Raha tsy manana izany ny fiangonanao, dia fotoana io mba hanombohana manangana tarika iray. Mifidiana hira izay tian'ny rehetra ary mahafehy ihany koa ny lohahevitra isan-kariva, na koa mifidiana hira ho an'ny herinandro iray manontolo.

5.Manofàna ekipa mpandrindra/mpanao tombana ny herinandro fiaraha-mivavaka. Miankina amin'ny hangezan'ny fiangonanao, io vondrona io dia tokony ahitana olona efatra ka hatramin'ny valo, mba hamita ireo lohahevitra valo miaraka aminao. Ampidiro ao anatin'io vondrona io ireo tanora vonona sy feno fanoloran-tena ary ireo mpitarika koa (Mpisavalalana, Sekoly sabata (...) sns, ny pasitoranareo). Zava-dehibe izany satria manampy ny rehetra handray an-tanana ilay hetsika, fa tsy ianao sy ny mpanampy anao ihany. Angataho izany vondrona izany mba hivory mandritra ny telo herinandro – herinandro ho an'ny lesona efatra, ary ny herinandro fahatelo mba hipasohana ny zavatra rehetra. Ataovy azo antoka fa voafaritra mazava avokoa ny tanjona sy ny lalana tianao aleha sy hotratrarina. Raha azo atao dia amin'ny fivoriana voalohany no hanaovana izany, ary mifidiana tanora mba handaha-teny isan'andro.

6.Ampidiro ao anatin'ny fandaminana ny herinandro fiaraha-mivavakao ny andron'ny tanora maneran-tany (Global Youth Day – GYD). Raha ny tokony ho izy, ny andron'ny tanora maneran-tany dia fotoana tokony hampianarana ny tanora mba hanolotra ny tenany hamaly ny filàna misy ao ampiangonana sy eny amin'ny fiarahamonina. Raha toa ka mbola vitsy ny tanora ao aminao ka tsy manana ny enti-manana hanatrarana ny fiarahamonina iray manontolo, dia azonao atao ny mampiasa io fotoana io mba handravana ny rindrina ara-pivavahana misy eo amin'ny manodidina amin'ny alalan'ny fiarahamiasa sy ny fifampizaran-kevitra sy ny sisa amin'ireo vondron'ny tanora avy amin'ny fiangonana hafa eo amin'ny faritra misy anao.

AHOANA NY FAMPIASANA ITY BOKY ITY MIARAKA AMIN'NY VONDRONA MADINIKA NA LEHIBE?

1.Toerana malalaka. Ity boky ity dia namboarina manokana mba ahafahanao mameno izay ao an-tsainao. Ampiasao ireo toerana malalaka mba handraisanao ireo fihetseham-ponao momba ny zavatra henonao tao amin'ny toriteny sy ireo fanontaniana any amin'ny farany isan'andro. Azonao ampiasaina koa izany mba hanoratanao antom-bavaka na fiderana an'Andriamanitra. Ampirisiho ny mpandray anjara rehetra mba hampiasa io toerana io amin'ny fomba izay hitiavany azy. Natokana ho azy ireo izany! Ampahafantaro azy ireo fa tsy misy lalàna mifehy izany, fa tari-dalana fotsiny. Ny zava-dehibe dia ny fihainoana an'Andriamanitra ary manokatra ny fo mba hamaly ny fitarihany. Ry Mpitarika, raha mandany fotoana ianao hamakiana ny anjara isan'andro amim-bavaka miaraka amin'ny fanantenana fa Andriamanitra dia hilaza zava-baovao aminao, dia ho gaga ianao ny amin'izay hiseho avy eo amin'ny peninao ny amin'izay ho voasoratra eo amin'io toerana malalaka io.

2.Manomboha diarim-bavaka. Tsy misy zavatra lehibe indrindra ho an'ny fitomboanao ara-panahy mihoatra ny fandanianao fotoana ho an'ny vavaka. Hitombo koa ireo tanoranao rehefa mitombo ianao. Ny fanananao diarim-bavaka dia hanampy anao hihaona amin'Andriamanitra amin'ny fomba vaovao sy mampihetsi-po. Afaka ny “hanaraka” ny dianao niaraka tamin'Andriamanitra ianao rehefa mamerina mijery ireo vavaka nahazoanao valiny sy ny fomba nitarihany anao tsikelikely isan'andro. Hisy hevitra vaovao indray ho tonga ao an-tsainao rehefa mandany fotoana eo amin'ny fanatrehany hameno ny diarim-bavakao ianao. Betsaka ny hevitra mety ho azonao jerena amin'ny “internet” mba hanombohanao sy hanohizanao ny diarim-bavakao. Tsidihy fotsiny ny www.google.com dia soraty ny teny hoe “*starting a prayer journal*”. (fanombohana diarim-bavaka)

3.Fanontaniana sy asa atao isan'andro. Miaraka amin'ny toriteny tsirairay dia misy fanontaniana, fanambarana, ary asa izay natokana mba hisarihana ny fisainanao. Manomàna tarika madinika ary miadia hevitra momba ireo fanontaniana ary ataovy ireo asa. Makà fotoana handinihana tsara momba ny zavatra izay tian'ny fanontaniana sy ny asa ahatongavana. Mihainoa ny

Fanahy Masina rehefa mampianatra anao amin'ny alalan'ny Soratra Masina Izy. Ampirisiho ireo mpanatrika mba hitahiry an-tsoratra ao amin'ny diarin'ny izay zavatra ao an-tsainy.

4.Ny andro maneran-tany ho an'ny tanora no natokana mba hanokafana amin'ny fomba ôfisialy ny herinandro fiaraha-mivavaky ny tanora. Ny lohahevitra ho an'ny taona 2020 dia ny hoe MIAHY. Mialoha ny zavatra rehetra, mifandraisa amin'ny pasitoranao na ny talen'ny departemantan'ny tanora eo amin'ny saha misy anao mba ahafahanareo mijery miaraka ny tetikasa azon'ny fiangonanao andraisana anjara amin'io andro io, dia ny 21 Martsa. Raha Mikasa ny hanao hetsika mandritra ny tontolo andro ianao, Ny Adventist Development and Relief Agency (ADRA) dia manana tetikasa mahaliana tokoa, In their Shoes (ao amin'ny kirarony) izay azo tanterahina tokoa mandritra ny fotoan'ny tanora ny tolakandro.

In Their Shoes dia hetsika manokana hanaovan'ny tanora fanandramana momba ny fahantrana iainan'ny tanora any amin'ny firenena hafa maneran-tany. Amin'ny alalan'ity hetsika ity, dia hanomboka hahatsapa ny fihaikana atrehin'ireo olona an-tapitrisany maro any amin'ireny firenena an-dalam-pandrosoana ireny isan'andro izy ireo. Dia hahita koa ianareo hoe inona no ataon'ny ADRA hanampiany ny hafa sy izay lazain'ny Baiboly momba ny fiainana ny fiainampanompoana kristianina.

Ny raki-tsoratra fampianarana PDF dia azontsika alaina ao amin'ny: <https://youth.adventist.org/GYD/ItemId/745#bottom>

Ny Fifamihinana: Lesona valo momba ny Famelan-keloka sy ny Fampihavanana

1.Sabata: *Famelan-keloka sy Fampihavanana*

2.Alahady: *Sandry mivelatra tsara*

3.Alatsinainy: *Ny fifamihinana*

4.Talata: *Ny fifamihinana amin'ny mahaolona*

5.Alarobia: *Ambasadaoron'ny Fampihavanana*

6.Alakamisy: *Ny fahamarinana sy ny vokany*

7.Zoma: *Ny olona sarotra avela heloka indrindra*

8.Sabata: *Fiainam-baovao*

FAMPIDIRANA

Nisy Teôlôjianina iray atao hoe Miroslav Volf nanoratra boky mitondra ny lohateny hoe *The End of Memory: Remembering Rightly in a Violent World* (Ny faran'ny Fahatsiarovana: Fahatsiarovana marina ao anatin'ny tontolo feno herisetra). Ao anatin'io boky io izy dia mamariparitra ny taona maro nahatsapany ny fahasarotan'ny nianarany ny atao hoe famelan-keloka sy ny fifampihavanana ary ny tena heviny marina. Nosamborina sy nogadrain'ny Kaominista nandritra ny taona maro izy, nanontaniana sy nampijalina nefa tsy nisy antony akory. Afaka/tokony hamela heloka ireo nampijaly azy va izy? Inona no vokatr'izany famelan-keloka izany? Mazava ho azy, ny fampihavanana marina, izay mitaky ny faneken'ireo andaniny roa, dia tsy ho azo tanterahina.

Nanjary fantatra tamin'ny asany momba ny fampihavanana i Dr. Volf. Nanoratra boky maro isan-karazany izy, ary momba io lohahevitra lehibe io indraindray. Sarotra izany, nefa tena ahitam-bokatra tokoa.

Naheno azy niteny aho indray mandeha. Tao anatin'ny famelabelarana nataony, dia namariparitra ny fampihavanana ho toy ny dingana telo amin'ny fisakambinana izy — fanokafana ny tanana, fisakambinana, ary mamela ilay olona handeha sy handroso hatrany. Io no anisan'ny sary an'ohatra tsotra indrindra noraisiny, izay horaisintsika ho môdely ho an'ity herinandro fiaraha-mivavaka ity.

Ny andininy horaisintsika dia ny 2 Kôr. 5:17-21. Hamaky ampahany betsaka amin'io andininy io isika isan-kariva.

ASA MANOKANA MANDRITRA NY HERINANDRO

Mitaky fandaminana izy ity ary soso-kevitra ihany izany. Ny tetikasa tahaka izany dia azo atao amin'ny taratasy miloko norovidrovitina, na taila (carreaux) misoratoratra novidina, fa tena manan-danja tokoa ny vera na zavatra vita amin'ny tanimanga novakin'ny mpandray anjara.

1.Mialoha ny herinandro fiaraha-mivavaka dia entano ny mpanatrika mba hitondra zavatra vita amin'ny tanimanga, na vera izay efa simba na potika, na izay tian'izy ireo hopotehina.

2.Mamorona toerana azo antoka iray, asiana labasy na fitaovana hafa, ary asaivo atsipiny ireo fitaovana tetsy aloha mba ho vaky.

3.Angataho ny tsirairay mba hisaintsaina ny zavatra nataony ka nanimba, nandratra, nampaharary ny hafa, na izay natao tamin'ny hafa, ka nanimba ny

planin'Andriamanitra ho an'ilay tontolo nahafinaritra. Saintsaino ny fomba entin'Andriamanitra hanamboatra zavatra mahafinaritra, eny, fa na dia avy amin'ireo zavatra efa potika ireo aza.

4.Alaivo indray ary avaho ireo poti-javatra ireo arakaraka ny habeny sy ny lokony. Tena manampy kokoa raha misy andiana mpahay asan-tanana mitarika mandritra izany.

5.Mila solaitrabe malalaka tsara izay efa misy kisarisary eo aminy. Azonao atao ny manao kisarisary ara-jeôgrafika eo: sary miolikolika, kintan'i Davida, na sary famantarana izay tena manan-danja ho an'ny tarika misy anao. Azonao atao koa anefa ny manao sary tsootra sy mahazatra, sarin'i Jesôsy miaraka amin'ankizy kely ohatra, na koa sarin'olona roa mifampisakambina ao anatin'ny fifampihavanana.

6.Mila karazana rihatra na lakaoly koa hametahana ireo zavatra ireo hipetaka tsara.

7.Mandritra ny herinandro, dia hisy vondrona iray hatrany hahavita hametraka ireo poti-javatra eo amin'ilay solaitrabe manaraka ilay sary efa teo, ary hamoaka asan-tanana mahafinaritra izay hahafaly mandritra ny taona maro manaraka. Ataovy azo antoka tsara anefa hoe maina tsara ilay izy mialoha ny hanehoana azy.

NY DRAFITRA

Mozika (soso-kira faneva, Hira laharana faha-111)

Mitadiava hira izay hain'ny tanoranao na tian'izy ireo hianarana, izay maneho ny fitiavan'Andriamanitra, fahasoavana, ary famelan-keloka. Raha toa ka manana fitahiana ianao ka manana mpamoron-kira, indrindra fa raha anisan'ny tanoranao ilay olona, dia jereo raha toa ka afaka mamorona hira faneva manokana ianareo izay nosoratana manokana ho an'ilay tarika misy anao, izay maneho ny fahavononan'Andriamanitra hanolotra ny tenany tao amin'i Kristy mba hamerina antsika ho iray miaraka aminy sy ny fitiavany. Azonareo atao ny mianatra io hira io mandritra ny roa andro voalohany.

FAMPIDIRANA (VAKIO AMIN'NY FIVORIANA VOALOHANY):

Atombohy amin'ny fanaovana miaraka ny vavaka nampianarin'ny Tompo izany.

Avy eo dia sokafy ny adihevitra amin'ilay teny hoe “mamelà ny helokay, tahaka ny namelanay (izay meloka taminay)”. Azonao atao ny mandray naoty

momba ny zavatra izay hoeritreretin'ny olona momba io lohahevitra io sy izay mety hiova amin'ny fiafaran'ny herinandro fiaraha-mivavaka.

Miezaha maka sary an-tsaina izay zavatra nitranga tany aloha be tany, fony mbola tsy àry akory izao tontolo izao. Andriamanitra Ray, Andriamanitra Zanaka, ary Andriamanitra Fanahy Masina (Izay tsy hoe fisiana telo misaraka fa Andriamanitra tokana izay tsy azon'ny saintsika olombelona takarina) dia nifandinika niaraka mba hamorona ny zavatra rehetra.

Tena mifankatia tokoa Izy ireo, toy ny fitiavan'ny iray ny tenany manokana mihitsy. Niray tokoa Izy ireo. Ary nila voary hafa mba hotiaviny koa Izy ireo. Fantatsika fa tsy ho takantsika mihitsy izany atao hoe firaisana izany, nefa andeha hiezaka am-panetren-tena isika hisaintsaina ny zavatra mety nifampiresahan'izy ireo. Inona ny zavatra tian'izy ireo foronina, ary inona no antony?

Omeo minitra vitsy ny tanora mba hahafahan'izy ireo mandinika izay resaka mety nifanaovan'Izy ireo tao. (Fantatsika fa ny hoe "Izy ireo" dia teny tsy tena izy, nefa toy izany Andriamanitra – tokana kanefa maro.)

Manana olana Andriamanitra, na izany aza. Mba hahatonga ireo voary vaovao ireo tena hitia (hanam-pitiavana) marina dia ilain'izy ireo ny fananana fahafahana misafidy. Azontsika atao ny mamorona "robot" dia amoronana prôgrama ao amin'ny solosaina fotsiny mba hiteny hoe "Tiako ianao", na koa mety asaina misakambina olona mihitsy, saingy tsy misy dikany izany satria tsy tena fitiavana marina. **Mino ve ianao fa Andriamanitra dia afaka namorona zavamanan'aina izay tena afaka mitia marina nefa tsy afaka misafidy ny hitia akory?**

Adihevitra indray, mandritra ny fotoana fohy ihany.

Noho izany, ilainao ny fananana fahafahana mba ahafahanao mitia marina tokoa, sa tsy izany? Manaiky izany ve ianao? Ny filazanao amin'ny olona iray fa tia azy ianao, sy ny fanehoanao izany amin'ny alalan'ny fihetsikao aminy, dia maneho fa azonao atao ny tsy nitia azy, na tsy naneho fitiavana taminy.

Nandinika izany Andriamanitra. Angamba Andriamanitra Fanahy Masina no niteny zavatra toy izao hoe "Raha mamorona olona izay afaka misafidy isika, na ho ela na ho haingana dia hisy hifidy ny tsy hitia".

Ary mety niteny Andriamanitra Ray hoe: "Tamim-pitiavana no namoronantsika izao rehetra izao. Ka amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny sasany handrava izany?"

Ary Andriamanitra Zanaka indray dia mety nilaza hoe: "Raha misy manao izany tokoa àry, dia inona no hataontsika?"

Izany no fanontaniana lafo vidy indrindra. Mipetraka ao amin'izany fanontaniana izany avokoa ny anjaran'izao tontolo izao. Nanana safidy maromaro Andriamanitra:

- *Aza mamorona na inona na inona akory. Aleo isika mijanona ho Andriamanitra telo izay iray miaina ato anaty fitiavana tonga lafatra ihany.*
- *Mamorona tontolo misy zava-manana aina izay tsy maintsy mitia, nefa efa hitantsika fa tsy tena fitiavana izany.*
- *Mamorona tontolo izay tonga dia rava eo no ho eo raha vantany vao misy miala amin'ny fitiavana.*
- *Mamorona tontolo ka izay rehetra misafidy ny tsy hitia ao dia tonga dia haringana avokoa.*
- *Na (...) Azon'Andriamanitra atao koa ny mijery fomba hanasitranana izao tontolo izao raha latsaka ao anaty tsy fitiavana.*

Izany no nataon'izy ireo. Mety nilaza zavatra tahaka izao Andriamanitra Zanaka hoe: “Raha misy manimba izao tontolo noharina tamin'ny fitiavana izao, dia ny tenako mihitsy no hitsotra eo ambonin'io hantsana (nampisaraka antsika) io, ary izaho no ho tetezana mandritra ny fotoana maharitra, ka izay te hiverina ao amin'ilay tontolo feno fitiavana dia afaka miampita amin'ny alalako. Ary hakatontsika indray ny elanelana misy ka ho tonga lafatra indray izao tontolo izao”.

Nefa mbola misy olana hatrany amin'izany hevitra izany. Voalohany, midika izany fa ireo zanaka malalan'Andriamanitra rehetra izay mandà tsy hiverina amin'ny alalan'ny Zanaka dia ho faty avokoa rehefa hakatona io hantsana io. Mampitomany an'Andriamanitra ny mandinika izany! Faharoa, amin'ny fomba ahoana no hanasitranany ireo izay nanaiky ny hiverina indray mba tsy hampizara ilay tontolo intsony?

Fahatelo, ary ny ratsy indrindra, raha tokony hametraka ny tenany teo amin'ny hantsana fotsiny lzy, dia tsy maintsy nidina ho ao amin'io tontolo nohariny io ny Zanaka ary niaina tahaka ny voary koa. Ary midika izany fa rehefa manipy ny tenany ho any amin'ireo izay tsy manam-pitiavana lzy, dia hahafaty ny ainy mihitsy izany! Amin'ny fomba ahoana no hahafaty an'Andriamanitra? Ary amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ireo “persôna” roa ao amin'ilay Andriamanitra telo izay iray hiaina tsy misy Azy?

Tsy nahitam-bahaolana ilay olana voalohany, izay tena naharary tokoa. Raha namorona olona afaka mitia Andriamanitra, dia afaka ny mandà ny tsy hitia koa izy ireo. Raha nanao izany lzy ireo, dia tsy hahita fifaliana intsony ao anatin'ilay tontolo noharina tamim-pitiavana. Noho izany dia tsy maintsy avela ho faty mandrakizay izy ireo noho ny fandavany tsy hiverina ao anatin'ilay fianakavian'Andriamanitra feno fifankatiavana.

Nanapa-kevitra lzy ireo fa ilay olana nampahory fahatelo no hoekena. Tian'Andriamanitra loatra ny Zanany ka na ny ho faty ho azy ireo aza dia mbola safidy tsy maintsy nekeny. Vonona lzy ireo ny hanolotra ny tenany.

Ny olana faharoa manao hoe “amin’ny fomba ahoana no ahafahana manasitrana ireo mpanota izay tsy maniry ny hositrana akory ary tsy maniry ny hiaina ao amin’ny tontolom-pitiavan’Andriamanitra izay vao hohariny indray?” no hianarantsika mandritra ity herinandro fiaraha-mivavaka ity. Nisafidy ny hamela heloka sy hampihavana Aminy ity tontolo simba ity Andriamanitra — mialoha ny tsy hisian’ny tontolo azo simbana intsony! Saino lalina izany!

LESONA VOALOHANY

Famelan-keloka sy Fampihavanana

Nisafidy ny hamela ireo izay nanota tamin'ny tontolon'ny fitiavana Andriamanitra. Betsaka amintsika no manana hevitra momba ny atao hoe famelan-keloka, nefa ny olombelona dia matetika manafangaro azy io amin'ny fanalan-tsiny. Efa noresahintsika izy io teo aloha ary mbola hohazavaintsika misimisy kokoa izany mandritra ity herinandro ity. Fa inona moa no atao hoe fampihavanana?

Ny teny hoe *mihavana* na *mifandray* dia midika ho mamerina indray ny fiarahana. Ohatra, raha manana vola any amin'ny banky ianao, ary ny vola izay heverin'ny banky fa anao sy ny vola izay heverinao fa anao dia tsy mitovy, dia manana olana ianao eo! Nisy nanao fahadisoana tany ho any. Matetika dia tsy ny banky izany, fa mety ho ianao angamba. Na koa mety ho samy nanao fahadisoana ny andaniny sy ny ankilany. Noho izany, tsy maintsy hijery ny tahiry rehetra miaraka ianao sy ny olona iray avy ao amin'ny banky mba *hampifandray* izany, hahatonga fifanarahana indray. Rehefa hitanao ilay fahadisoana, dia mety ho fahadisoana ara-matematika fotsiny ihany izany. Fa raha tena fahadisoana ara-bola, dia tsy maintsy handoa vola ny iray aminareo mba *hampifandray* indray ny kajy.

Mety ho tahaka izany koa ny ota. Raha mangala-javatra ianao, dia tsy maintsy averinao izany, ary raha tsy mitovy intsony tamin'ny nangalaranao azy izany dia mety handoa mihoatra aza ianao. Izay vao tafaverina ny fananan'ilay olona nangalaranao. Ny fony anefa mety tsy mbola hilamina mihitsy. Efa nisy nanana zavatra very ve ianareo? *Avelao hamaly*. Tafaverina ve ilay zavatra very? Nanao ahoana ny fihetseham-ponao? Tonga dia natoky avy hatrany ilay olona nangalatra ve ianao? Tsy mora izany, sa tsy izany? Ary mety ho tsy fahendrena akory aza.

Ny fampihavanana feno, ilay karazany izay tadiavin'Andriamanitra, dia mitaky bebe kokoa. Misy dingana telo hahatonga ny olona izay nanota sy ny olona izay nanotana hihavana. (Tsy mora izy ireo no sady mila fotoana koa indraindray!)

Mangataha olona roa mifankahalala tsara — na mifidiana olona mialoha. Mila vonona sy manaiky ny hifamihina eo imason'ny rehetra izy ireo. Azonao atao ny mampiasa olon-dehibe raha izay no mety kokoa ho an'ny toe-javatra.

Inona no atao hoe fifamihinana? Fantatsika rehetra izany, sa tsy izany? Naneho tamintsika ny atao hoe fifamihinana ireo namantsika teo. Mahafinaritra! Izao indray, Andeha hotanisaintsika ireo dingana teo ireo. *Makà fotoana fohy hanehoana fa ny fifamihinana dia miantomboka amin'ny olona iray izay manokatra ny tanany. Izay no dingana voalohany. Rehefa mamelatra ny tanany koa ilay olona iray ary mifamihina izy ireo, dia izay no dingana faharoa. Ary ny fahatelo dia ny famenoana ilay fifamihinana, famelana handeha; sokafy indray ny tanana, ary dia mandehana. Tsy heverintsika ho isan'ny fifamihinana matetika ity dingana farany ity, nefa dia tena izy tokoa, ary tena manan-danja mihitsy.*

Andeha hojerentsika ny 1 Jao. 1:9. Maro amintsika no efa mahay tsianjery ity andininy ity. Raha misy dia avelao izy hiteny. Mariho ny tapany farany: mamela heloka Andriamanitra ary manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra. Izany no fomba hahafahan'Andriamanitra mampihavana (mampifandray) antsika —mamerina antsika — Aminy. Tsy azontsika atao izany dingana izany. Fa azontsika atao ny miara-miasa Aminy. Azontsika atao ny misafidy ny hamela heloka.

Ny manolotra famelan-keloka dia tahaka ny fanokafana ny sandry. Mety tsy hanaiky ny hamihina anao ilay olona. Raha izay no mitranga, dia tsy hisy mihitsy ny fampihavanana feno, fa ianao kosa dia afaka ny hamela heloka hatrany, ary afaka ny handroso. Ny tanjona dia ny mba hahatonga ny andaniny sy ny ankilany samy ho sitrana sy afaka ny handroso, voaovan'ny fahasovan'Andriamanitra. Hianatra betsaka ny momba izany isika amin'ity herinandro ity. Izao dia hilalao tranga maromaro isika izay hitondra fanontaniana betsaka kokoa noho ny valiny, fa tsy maninona izany.

Mizara tsiroaroa isika. Hanome toe-javatra kely anareo ao anaty taratasy aho. Isaky ny olona roa, dia aoka hifandimby haneho amin'ny fihetseham-ponao sy ny fihetsikao raha toa ka nanao izay voasoratra ao amin'ny taratasy ilay olona miaraka aminao. Afaka misafidy ny hamela heloka na tsia ianao (amin'ny alalan'ny teny na fihetsika), fa tsy azo ekena ny maneho haratsiam-panahy. Raha tsapanao fa tena tokony ho tezitra sy ho ratsy fanahy ianao, dia tokony hilaza izany amin'ilay olona ianao ary hifampiresaka ianareo.

Tokony hizara tantara fohifohy momba ny fotoana iray izay nisehoana tranga teo amin'ny fiainanao ianao nefa tsy namelanao heloka tamin'izay. Fa mialoha izay, mamelà ahy hiteny zavatra tena manan-danja. Fantatro fa mety misy olona ato amin'ity efitrano ity izay isehoana tranga tena goavana tokoa. Aza fohazina izany amin'ity hariva ity. Raha misy zavatra tianao holazaina amin'ny hafa, dia tongava miresaka amiko aorian'ny fianarantsika dia hanampy anao hahita ny toetr'Andriamanitra aho izay azonao hitokiana sy hifampiresahana.

Manana enina minitra ianao ho an'ilay kilalao an-tsehatra. Milaza aminao aho rehefa lasa ny telo minitra, dia avy eo miditra indray ny hafa.

KILALAO AN-TSEHATRA

Ataovy ao anaty karatra kely na taratasy ilay trangan-javatra kely. Manaova dika mitovy araka izay ilainao mihitsy ary/na ampio hafa izay mety kokoa amin'ny tarika anananao. Azonao atao koa ny mametraka azy ireny eo amin'ny solaitrabe ka avelanao hifidy izy ireo. Ny tombony dia ny fahafahan'ny rehetra miady hevitra momba fivoavan'ny tranga eo. Tehirizo ireo karatra na ny lisitra satria mbola hijery azy ireo indray ianao rahampitso hariva.

1. Nisy olona nanafintohina anao tsy nahy.
2. Nisy olona nanafintohina anao ary fanahy iniana.
3. Nisy olona nikapoka anao.
4. Nisy olona namono anao.
5. Nisy olona naka ny zavatrao nefa tsy niera, nefa namerina izay zavatra tsy nisy fahasimbana.
6. Nisy olona nindran-javatra taminao ary nosimbany izany.
7. Nisy olona naka ny zavatrao nefa tsy niera, ary nosimbany izany.
8. Nisy olona nangalatra zavatra lafo vidy taminao.
9. Nisy olona nangalatra zavatra tsy dia lafo vidy taminao.
10. Nisy olona nangalatra zavatra tsy dia nisy dikany nefa tena nanan-danja taminao.
11. Nisy olona nandratra olon-kafa izay tena tianao.
12. Nisy olona nandratra ankizy na olon-kafa marefo izay tena tianao.
13. Nisy olona izay nihomehy anao.
14. Nisy olona nanome anaram-bositra anao.
15. Nisy olona nihaniany ny amin'ny zavatra izay efa tsy dia tianao loatra.
16. Nisy olona nananiany anao satria Kristianina ianao.
17. Nisy olona nandrahona anao satria Kristianina ianao.
18. Nisy olona nanisy ratsy noho ny maha-Kristianina anao.
19. Nisy olona nandainga taminao.
20. Nisy olona nandainga momba anao tany amin'ny hafa.

ASA MANOKANA

Manana tetikasa manokana momba ny asan-tanana izay hatao isika mandritra ity herinandro ity. Ireo rehetra izay nandrany anjara tamin'ny famakiana ireo vera sy tanimanga dia efa mahafantatra ny momba izany. Anio hariva dia hanomboka handray kely amin'ireo poti-javatra ireo isika ka hameno ilay sary. Azonao atao mihitsy ny mikaroka ny ampahany amin'ilay zavatra novakinana; azonao atao koa ny mifidy hafa. Miaraha miasa amin'ny fifidianana ny loko sy ny sary hatao. Mandania fotoana hiasana mba hahatonga ireo poti-javatra hifanaraka tsara ary ataovy izay hahatsara ilay sary.

Ary eo am-piasana, dia saintsaino ireo zavatra simba eo amin'ny fiainantsika, ary ahoana ny fomba ataon'Andriamanitra mba hahatonga izany ho zavatra iray mahafinaritra, eny fa na dia tsy ho tahaka ny endriny teo aloha intsony aza izany.

FAMARANANA

Tsy fantatsika hoe firy ny tontolo efa noforonin'Andriamanitra nialoha ny namoronany ity tontolo misy antsika ity. I Ellen White anefa dia nilaza fa efa nitsidika ny sasany amin'ireny ny tenany. Noho izany dia fantatsika fa tena misy izany. [Early Writings 39, ohatra.] Ny olona voalohany izay napetrak'Andriamanitra teto amin'ity planeta ity anefa no nisafidy ny hihodina tamin'ny fitiavana.

Andeha isika hijery toerana roa ao amin'ny Baiboly. Voalohany dia ny Gen. 3:6-8. *Efa nisy namaky an'io ve?*

Inona no mitranga eto? Tokony hahafantatra ny tantara fototra momba ny famoronana sy ny fahalavoana ny ankamaroan'ny tanora. *Ampio ireo izay mbola tsy zatra mba hahatakatra sy handany fotoana misimisy kokoa ao amin'ny Gen. 3 raha ilaina izany, satria io no fototra.*

Andeha hovakintsika ny andininy faha-15. *Mifanakaloza hevitra momba ny dikan'ity teny fikasana ity.*

Fantatr'Andriamanitra fa ny teny fikasana izay nataon'izy ireo dia tsy maintsy hotanterahina izao. Amin'ny alalan'io, ho an'ny firaketana any an-danitra, dia tahaka ny efa maty ho antsika sahadry i Jesôsy. Hiaraka hamaky ny Apôk. 13:8 indray isika. *Mifanakaloza hevitra momba ny dikan'ny hoe "Zanak'ondry, efa voavono hatramin'ny nanorenana izao tontolo izao".*

Amin'ny maha-Advantista, ao amin'ny foto-pampianarantsika faha-9, dia tahaka izao no nametrahantsika azy:

Tamin'ny fiainan'i Kristy, ny fankatoavany tanteraka ny sitrapon' Andriamanitra tamin'ny fijaliany sy ny fahafatesany ary ny fitsanganany tamin'ny maty, no fomba tokana nanoloran'Andriamanitra fanavotana tamin'ny fahotan'ny olombelona, koa izay mandray amin'ny finoana izany avotra izany dia afaka hanana ny fiainana mandrakizay, ary afaka hahafantatra bebe kokoa ny fitiavana tsy manam-petra sy masina ananan'ny Mpamorona ny voary manontolo. Mampibari-bary ny fahamarinan'ny lalàn'Andriamanitra sy ny toetrany feno hatsaram-panahy io avotra feno fahatanterahana io satria sady manameloka ny fahotantsika izany no manokatra lalana hahazoantsika famelan-keloka koa. Ny fahafatesan'i Kristy dia fisoloana, fampihavanana, ary fanavaozana mitoetra. Mitory ny fandresena azon'Andriamanitra manoloana ny herin'ny ratsy ny nitsanganan'i Kristy tamin'ny maty, antoky ny ahazoany fandresena farany amin'ny ota sy ny fahafatesana izany ho an'izay manaiky ny fanavotana nataony.

Manambara ny maha-Tompo an'i Jesôsy Kristy izany, dia Izy izay andohalehan'ny lohalika rehetra any an-danitra sy ety an-tany. (Gen. 3:15; Sal. 22:1; Isa. 53; Jao. 3:16; 14:30; Rôm. 1:4; 3:25; 4:25; 8:3, 4; 1 Kôr. 15:3,4, 20-22; 2 Kôr. 5:14,15, 19-21; Fil. 2:6-11; Kôl. 2:15; 1 Pet. 2:21, 22; 1 Jao. 2:2; 4:10.)

Ary farany, andeha hovakintsika ny 2 Kôr. 5:17,18. Ity no andalana fototra ho antsika mandritra ity herinandro ity. Andriamanitra — ny momba Azy rehetra, ireo persôna telo ao Aminy — dia tonga teto, tao amin'i Kristy, nanolotra izay Azy rehetra mba hamerenana ny olona tsirairay eto amin'izao tontolo izao hifandray Aminy indray sy ilay tontolo izay nohariny tamim-pitiavana tany am-piandohana.

Angataho ny tsirairay mba hihazona am-pahanginana ao am-pony ireo olona izay tokony havelany heloka na hangatahany famelan-keloka. Azonareo atao ny miangona manoloana ilay asan-tanana nataonareo ary mivavaka raha sitrakareo. Misaora an'Andriamanitra noho ny haben'ny fahasoavany sy ny fitiavany ary ny famelan-kelony ho an'ny tsirairay. Mivavaha ho an'ny tsirairay mba ho afaka ny hanome sy handray famelan-keloka ary mba hihavana izy ireo, mba hihavana amin'ny hafa, ary mba hihavana sy ho tafaray amin'Andriamanitra koa.

FANONTANIANA HIFANAKALOZAN-KEVITRA:

1. Inona no dikan'ny hoe Jesôsy?

2. Inona no atao hoe mamela heloka? Amin'ny fomba ahoana no ahafahanao manao izany? Mora sa sarotra ny manao izany, nahoana?

3. Miadia hevitra momba ireo karazan-teny ampiasain'ireo karazan-dikateny ny amin'ny vavaka nampianarin'ny Tompo. Ny sasany milaza hoe “trosa” sy “mpitrosa”; ny sasany milaza hoe “heloka” sy “izay nanao meloka taminay”; ny sasany milaza hoe “ota” sy “izay nanota taminay”. Miadia hevitra momba ireo fahasamihafana ireo sy ny zavatra raketiny, ary tsindrio manokana ny teny izay fampiasa amin'ny teninao sy ny ao am-piangonanao.

LESONA FAHAROA

Sandry Mivelatra Tsara

FAMPIDIRANA HO AN'NY MPITARIKA

Anio dia hifantoka amin'ny tapany voalohany amin'ny fifamihinan'ny fampihavanana atolotr'Andriamanitra isika. Misy sary an'ohatra malaza izay ankehitriny, izay azonao jerena any amin'ny "internet" raha afaka ianao. Ny foto-kevi-dehibe ao amin'izany sary izany dia i Jesôsy miteny hoe "Tena tia anao Aho", avy eo namelatra ny tanany (teo amin'ny hazofijaliana) lzy ka maty. Raha afaka mahita ny iray amin'ireo sary ireo ianao dia tena tsara tokoa ho an'ity anio ity; raha tsy izay, dia azonao ampiasaina daholo ireo kisarisary momba ny hazofijaliana. Mila taratasy betsaka ihany koa ianao ary fitaovam-panoratana ho an'ny tsirairay. Tsara kokoa raha misy valopy, raha azo atao, nefa tsy voatery. Raha azo atao sy azo antoka dia manomana toerana izay azo andorana taratasy.

MOZIKA

Mitadiava hira izay hain'ny tanoranao na izay tian'izy ireo hianarana, izay mifantoka amin'ny hazofijaliana sy ny hevitr'izany ho antsika. Raha toa ka voatahy manokana ianao ka manana hira faneva manokana, dia ataovy azo antoka fa ampiasainao isan-kariva izany.

Soso-kevitra ny amin'ny hira isan-kariva:

Matthew West: Forgiven <https://www.youtube.com/watch?v=h1Lu5udXEZI>

Crowder: Forgiven https://www.youtube.com/watch?v=u_ZWEO36jok

Amazing Grace (My Chains are Gone) by Chris Tomlin

FAMPIDIRANA HO AN'NY TANORA

Tadidinao ve ilay sarintsika momba ny fizarana telo amin'ny fifamihinana amin'ny fampihavanana? Avelao izy ireo hamaly. Anio, dia handinika ny dingana voalohany isika, dia ny famelan-keloka, izay voalohany indrindra natolotr'Andriamanitra, satria tsy misy olombelona afaka mamela heloka, na mitia akory aza, raha tsy Andriamanitra no nanao izany mialoha.

Voalohany, andeha isika hiresaka zavatra izay tena manan-danja tokoa. *Ny famelan-keloka dia tsy fanalana tsiny!*

Indraindray, dia misy olona izay manao zavatra manelingelina sy mankaleo anao, nefa tena tsy fanahy iniany mihitsy izany. Mety afaka mieritreritra ohatra ve ianao? Avelao izy ireo hamaly. *Ohatra mety hiseho ny fandomana olona tsy nahy, na nanimba zavatra tsy nahy, eny, fa na dia tena efa nitandrina aza ilay olona, ary ny fitenenana zavatra izay tsy heverina fa handratra ilay olona akory.*

Tsy ota ireny trangan-javatra ireny; fahadisoana tsy ananan-tsiny izany. Rehefa mihaona amin'ny olona iray ianao ka miteny hoe, "Oh, Tena miala tsiny!" dia mety hiteny izy ireo hoe: "tsy maninona re a!". Ireny tranga ireny dia tsy mila famelan-keloka.

Tadidinao ve ilay kilalao an-tsehatra nolalaoinao omaly? Andeha hojerentsika indray mandeha ireo lisitra ary hojerentsika hoe iza amin'ireo no mila famelan-keloka. *Jereo indray ireo lisitra na karatra ka zarao sokajy roa: fahadisoana tsy nahy sy fahotana. Ny sasany mety hampisalasala fa miankina amin'ny antony nanosika ilay olona hanao azy.*

Ahoana anefa raha misy fahadisoana tsy nahy nefa nandratra anao? Indray mandeha, nisy ankizilahy kely nihazakazaka teo anoloan'ny fiara iray. Nandona azy ilay vehivavy nitondra ilay fiara. (izay tena tsy fahadisoany mihitsy). Taorian'izay anefa, satria mpamily tsy manana traikafa izy dia nijanona raha mbola teo ambonin'ny tongotr'ilay ankizy ilay fiara. Tsy nahetsika izy ary tsy afaka nandroso intsony, eny fa na dia nitabataba aza ny rehetra nanodidina azy hoe "mihemora! Mihemora!" Olona iray hafa no tsy maintsy niditra tao anatin'ilay fiara ka nampikisaka izany. Ity ampahan'ny loza ity dia sady misy fahadisoan'ny olona — tsy tokony nitranga izany raha tsy nihazakazaka teo anoloan'ilay fiara ilay ankizy, fa ilay vehivavy kosa anefa dia tokony nitazona hatrany ny fahamalinany mba ahafahany mampihemotra ilay fiara rehefa niteny taminy ireo olona. Araka ny hevitrao, misy olona mila famelan-keloka ve eto? Miadia hevitra. Mety samy hanana ny heviny ny tsirairay, fa tsy olana izany.

Ahoana kosa ary raha mamomamo ilay ramatoa? Ahoana raha teo am-piresahana amin'ny findainy izy? *Aleo ny tanora no handray fanapahan-kevitra hoe hatraiza ny hahatonga ireo fahadisoana ireo, izay nahasimba ny tongotr'ity ankizy ity, ho fahotana.*

Ny teboka lehibe anakiray dia izao, na ota iny na tsia, dia tsy maintsy misy vokany. Tsy maintsy hitondra "plâtre" eo amin'ilay tongony tapaka ity ankizy ity mandritra ny herinandro maro. Hahazo tapakila (fiantsoana) ilay ramatoa. Ary raha mamomamo izy na ninia nanao izany, dia tsy maintsy miditra any am-poja.

Rehefa fahotana izany, rehefa tsy misy fialan-tsiny azo atao intsony ny aminy, rehefa tsy milamina intsony, ary rehefa tsy misy afaka miteny azy intsony, amin'izay fotoana izay isika vao mila famelan-keloka. Ary amin'izay vao tena sarotra ny mamela heloka! Betsaka amin'ireo olona izay tena naratra no

mieritreritra fa tsy afaka ny hamela heloka intsony izy ireo satria mihevitra izy ireo fa ny famelan-keloka dia fanalana tsiny. Mihevitra izy ireo fa midika izany fa afaka madiodio ilay olona ary tsy tokony hizaka ny vokatry ny nataony intsony. Tsy marina izany. Fa ny vokatry ny nataony dia afaka ny hanova ilay olona rehefa mahatsapa izy fa voavela ny helony ary afaka manao zavatra tsaratsara kokoa.

Tena mafy izany, nefa tsy avy amin'ny fon'olombelona ny famelan-keloka. Ny marina dia izao, Andriamanitra ihany no afaka hanetsika izany famelan-keloka izany. Andeha hijery andininy roa ao amin'ny Baiboly isika izay hanampy antsika hahita izany. *Makà olona iray hamaky ny Gen. 39:9 ary ny iray hanokatra ny Sal. 51:4. Vakio tsirairay ireo ary miadia hevitra. Amin'ny tranga tsirairay, ny fahotana dia mety atao amin'ny olona iray na andian'olona, fa amin'ny dikany hafa ny ota dia atao amin'Andriamanitra.*

Hitanao fa hatramin'ny nanaovan'Andriamanitra izao tontolo izao tamin'ny haben'ny fitiavany, na inona na inona ataontsika ka manohitra izany fitiavana izany, na iza na iza maratra noho izany, dia Andriamanitra hatrany no tena voaratrany. Isaorana Andriamanitra noho ny fahasoavany fa lzy no tena loharanon'ny famelan-keloka. Rehefa mamela heloka Andriamanitra, dia misafidy hatrany ny hanafaka ilay olona amin'ny fanamelohan-tena lzy. Nefa, satria tsy fanalana tsiny izany, dia miteny hatrany lzy ny tsy hamerenana izany intsony! Ary matetika lzy no tsy manala ilay olona ho afaka amin'ny vokatry ny nataony. Ary lzy koa no manome ny hery manova mba hahatonga izany ho zava-misy tokoa. Hiresaka momba izany isika isan-kariva amin'ity herinandro ity.

SANDRY MITSOTRA

Ny fanolorana famelan-keloka ho an'ny olona iray izay nanota dia tahaka ny fanokafana ny sandry aminy mba hisakambina azy. Fa tsy ny rehetra akory no manaiky izany. Andeha hanandran-javatra isika. Samia mamelatra ny sandriny ny rehetra tahaka ny hoe hamihina olona iray, nefa avy eo tsy mahetsika toy izao. Miandrasa segondra vitsy. Manao ahoana ny fahatsapanao izany hoe miandry vasoka olona ho tonga hamihina anao nefa mety tsy hisy akory? Azonareo ampidinina amin'izay ny tananareo.

Efa namihina olona izay tsy te hanao izany ve ianao? Tsaratsara kokoa matetika ny manontany aloha, indrindra fa raha olona tsy dia fantatrao loatra, ary tsara kokoa ny miteny hoe “tsia, misaotra indrindra; tsy mbola izao aloha”. Misy fotoana tsy itiavan'ny olona rehetra hokasihina izany, ary ny sasany kosa dia maniry ny ho voakasika mihoatra na latsadatsaka kokoa noho ny ataon'ny hafa.

Tsara daholo izany. Fa manao ahoana kosa raha misy olona iray tianao kanefa tsy avelany mba hamihina azy mihitsy ianao? Rehefa ela ny ela, mety hampalahelo anao ihany izany, sa tsy izany?

Alaivo sary an-tsaina ary hoe maneho famelan-keloka ilay fifamihinana. Nisy olona tena nandratra anao, navelanao heloka anefa izy ireo, saingy tsy nila izany akory anefa izy ireo. Mety hiteny hatrany aza izy hoe tsy nisy fahadisoana nataoko. Ahoana ny mety ho fahatsapanao izany?

Izany no toe-javatra niainan'i Jesôsy.

NY TANTARA HO AN'ITY ANIO ITY

Ao amin'ny Testamenta Taloha rehetra, Andriamanitra dia nanolotra ny fitiavany, ny fahasavany ary ny famelan-kelony, na dia tsy mbola tonga tety an-tany aza i Jesôsy hanolotra ny tenany ho eo amin'ilay "hantsana" vokatry ny fikomiana. Farany, an'arivo taonany maro taty aoriana, dia tonga teto an-tany i Jesôsy. Tamin'ny fomba ahoana, marimarina kokoa, no nahazoany famelan-keloka ho antsika? Ny tantarantsika anio hariva dia ao amin'ny Mat. 26:36-44. *Azo asiana olona iray na maromaro mamaky izany andalan-teny izany.*

Alaivo sary an-tsaina hoe i Jesôsy irery no tao amin'ny sahan'i Getsemane tamin'iny alina maizina iny. Mety hihevitra isika fa i Jesôsy dia tsy mba natahotra tahaka ahy sy ianao. Hitantsika tao amin'ilay tantara nolazain'ny Baiboly teo fa tsy marina izany. Naverimberiny hatrany tamin'Andriamanitra ny hoe: "Tsy te ho faty aho! Raha azo atao dia esory Amiko izao!"

Tsy fahotana ny fananana tahotra. Fahotana ny famelana ny tahotra handresy. Tsy nanao izany i Jesôsy, na dia iray minitra aza. Fa naveriny foana koa ny hoe: "Tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao".

Midika ve izany fa tian'Andriamanitra ho faty i Jesôsy? Sanatria izany! Fa tadidin'Andriamanitra ny teny fikasana izay efa nataony nialoha, tany ampiandohana — eny, nialoha ny fiandohan'izao rehetra izao aza. Ny Zanaka dia nanolotra ny tenany ho fanatitra mba hahatonga ny olombelona ho afaka amin'ny fandranganana. Ankehitriny lzy dia reraka sy manahy, nefa dia mbola mihazona ao am-pony hatrany ireo teny fikasany.

Ary inona no tena ratsy indrindra? Fantany fa ho betsaka ny olona tsy hiraharaha izany akory! Ho vitanao ve ny hanolotra ny tenanao ho faty mba hamonjy olona nefa mbola handà anao izy? Mampanontany tena ny hamafin'ny zavatra niainan'i Jesôsy tamin'iny alina iny. Nandao Azy ireo namany, ary namadika (nanolotra) Azy teo amin'ny miaramila.

Eto dia tonga i Jodasy, miaraka amin'ny miaramila. Jereo ny and. 48 sy 49. Hatraiza no nandratan'iny oroka iny ny fon'i Jesôsy. Nanao ny ezaka rehetra lzy mba hamonjy an'i Jodasy, mba hahatonga azy ho tena namana marina. Nefa nandà i Jodasy. Nosamborin'ny miaramila i Jesôsy ary nentiny ho any amin'ny fitsapana dia ny fanesoan'ny fitsarana niaraka tamin'ireo mpandainga

novidim-bola mba hijoro ho vavolombelona. Nentina avy ao amin'i Pilato nankany amin'i Herôda Izy ary nentina niverina tao amin'i Pilato indray. Nokapohina sy nohararaotina izy. Na ny namany akaiky aza dia nandositra. Ary farany, rehefa nampijalina nandritra ny alina sy ny andro manaraka i Jesôsy, dia nohombona teo amin'ny hazofijaliana. *Vakio ny Lio. 23:34.* Inona no nolazain'i Jesôsy na dia nandentika ny fantsika teo amin'ny tanany sy ny tongony aza ny miaramila? Tsy mampino! Tsy fantatsika raha mba nisy na dia iray tamin'izy ireo aza nanaiky izany famelan-keloka izany, nefa mazava ny porofo fa mety nanaiky ihany ilay Kapiteny. Na izany aza dia nanolotra famelan-keloka hatrany i Jesôsy.

Nisy zavatra nitranga izay tsy takatry ny saina hendry indrindra teo amin'ny tantaran'ny tany teo amin'ny hazofijaliany. Fantatsika fa maty i Jesôsy. Fantatsika fa maty ho antsika Izy, ary tamin'ny fanaovana izany, dia nitondra famelan-keloka sy teny fikasan'ny fampihavanana sy famerenana indray amin'ny laoniny ireo izay hanaiky izany Izy. Nefa mbola nisy maro lavitra noho ny hitantsika. Fa teo amin'ny hazofijaliana no nanombohan'i Jesôsy nanangonana ireo singa niendaka tamin'ity izao tontolo izao ity izay tian'Andriamanitra hatambatra eo amin'ny toeram-pitiavana, izay nosimbana sy nozaraina ary nopotehin'i Satana sy isika rehetra ihany koa. Dia hoy ny Baiboly: Jesôsy dia tonga ota ho antsika! *Efa nisy namaky ve ny andininy farany amin'ny andalan-tenintsika: 2 Kôr. 5:21.* Milaza io andininy io fa natao ho ota i Jesôsy mba hahatonga antsika ho fahamarinany! Tena mahagaga izany! Tsy hay tanterahina izany! Soa ihany, fa raha miaraka amin'Andriamanitra dia azo tanterahina ny tsy azo tanterahina.

Voalohany anefa dia misy dingana lehibe tsy ampy.

Andeha hijery an'ity sary ity isika, izay fomba nakan'ny mpanao asan-tanana sary an-tsaina fotsiny izany zava-nitranga izany. *Tazomy elaela ny sary hosodoko mba hahitan'ny rehetra azy. Omeo fotoana kely mba hilentehana any anatiny.*

Tazanareo ve ny endriky ny tanan'i Jesôsy ao anatin'ny Mitsotra tsara izany tahaka ny hamihina olona. Mitsotra izy ireo mba hisakambina ahy sy ianao ary izao tontolo izao! Tamin'iny andro iny, teo amin'ny hazo fijaliana, dia nanolotra famelan-keloka ampy ho an'ny olombelona tsirairay i Jesôsy, na dia ho an'ireo izay mbola vao hiaina aza mba ho afaka, ho voaova, sy ho tafaverina indray ao amin'ny tontolon'Andriamanitra feno fitiavana. Ny isam-batan'olona mihitsy.

Nefa betsaka, betsaka ireo nanao hoe "TSIA".

Azonao saintsainina ve izany? Tsia. Nandritra ny 2000 taona, dia toy hoe mitsangana any an-danitra i Jesôsy, any amin'izay misy Azy ankehitriny, manatsotra ny sandriny ka manao hoe "manatôna Ahy, mamelà Ahy hisakambina anao! Tena tia anao Aho! Te hamela heloka anao Aho ary maniry hihavana aminao sy hamerina anao indray amin'ny laoniny. mba manatôna e!"

Namaly hoe ENY ve ianao?

Mety hilaina ny maka fotoana kely izao, raha misy maniry ny hanolotra ny tenany ho an'i Jesôsy, mialoha ny handrosoantsika amin'ny hetsika. Apetraho eo amin'ny toerana mora ahitan'ny rehetra azy ilay sary momba ny hazofijaliana.

FAMPIASANA ATAON'NY TARIKA

Andeha hanao zavatra samy irery isika izao, mandeha tsirairay. Azonao atao ny mikisaka mba ho lavidavitra ny hafa araka izay tianao. Miankina amin'ny toe-javatra misy ihany, fa mety afaka hivoaka mihitsy aza ianao. Zarao ireo taratasy sy fitaovam-panoratana. Manasa ny tsirairay avy aminareo aho mba hanoratra taratasy ho an'i Jesôsy. Soraty ao ireo zavatra nataonao ka nahatonga an'i Jesôsy ho faty mba hahazoanao famelan-keloka sy famerenana amin'ny laoniny indray. Dia soraty koa ny zavatra tsapanao momba an'i Jesôsy tamin'ny nandraisany ny otanao sy ny namelany ny helokao. Anontanio Azy ireo fanontaniana tianao apetraka ary angataho Izy mba hanova anao tanteraka. Angataho Izy hanampy anao hahita ny fihetsik'ireo izay manohitra ny fitiavana nanamboarana an'izao tontolo izao, satria raha afaka mahita izany ianao, dia ho mora ny hisafidy ny hanao zavatra hafa kokoa.

Aorian'izay dia azontsika atao ny mizara na tsia, araka izay tiantsika. Aza mizara zavatra izay tokony ho an'ny tenanao manokana, indrindra fa raha misy olona hafa tafiditra ao, fa azonao atao, raha tianao, ny mizara zavatra amin'ny kapobeny toy ny “matetika aho no mampiasa ny lelako handratra ny hafa, nefa Andriamanitra efa namela ahy ary miara-miasa Aminy aho mba hiova”. Raha eo am-panoratana ianao dia miandrindrà hijery ilay sary hosodokontsika ary tsarovy fa tsy manameloka anao i Jesôsy na inona na inona zavatra efa vitanao, fa manatsotra ny tanany ho anao hatrany Izy. Lazao Aminy izay tsapanao momba Azy. Rehefa vita ny taratasinao, dia aforeto ka hidio ao anaty valopy (raha azo atao.)

Omeo folo minitra ny tsirairay ho an'ny fanoratana izany taratasy izany. Jereo ny fiangonanao raha mila fotoana misimisy kokoa, na mila vavaka manokana kokoa amin'io fotoana io. Raha manana toerana azo antoka ianao, dia avelao ireo tanora handoro ny taratasiny, mba handoroany ireo ota izay efa navelan'i Jesôsy, ary hanandratra ny vavaka sy ny fisaoran'izy ireo amin'ny alalan'iny setroka iny, tahaka ny ditin-kazo manitra ao amin'ny fitoerana masina izay maneho ny vavaky ny vahoakany.

FAMPIASANA MANOKANA

Fantaro ny fotoana ilaina ho amin'ny habetsahan'ny olona eo aminao; manao ahoana ny fotoana eo am-pelatananao, ary ezaho avoaka izany mba ahafahanao mamita izany amin'ny alina iny.

Raha eo am-panohizana ilay tetikasa fanaovana asan-tanana isika, dia ataovy an-tsaina fa tsy misy vidim-pamelan-keloka na fampihavanana afaka hanafoana izay zavatra efa vita, sy tsy hamerina ny ota intsony. Nisy zavatra simba, na fara fahakeliny voakitika. Manasitrana ny famelan-keloka saingy tsy mamerina amin'ny laoniny izany matetika.

Na izany aza, Andriamanitra dia afaka sy manao famoronana zava-baovao sy mahafinaritra ho an'ny fiainana rehetra izay natolotra Azy, sy ny fifandraisana rehetra izay nositrarin'ny famelan-keloka sy ny fampihavanana.

FAMARANANA

Hirao ny hira fanevanareo na hira momba ny famelan-keloka, ary mivavaha miaraka; azo atao ao anaty faribolana arahina fifandraisan-tanana izany.

LESONA FAHATELO

Ny fifamihinana

FAMPIDIRANA HO AN'NY MPITARIKA

Anio sy rahampitso dia hifantoka amin'ny fizarana faharoa amin'ny fifamihinana ny fampihavanana avy amin'Andriamanitra isika: rehefa manaiky ny famelan-keloka ny olona iray dia mamihina ihany koa. Mihoatra lavitra noho ny famelan-keloka fotsiny ihany izany; fiantombohan'ny fampihavanana marina izany. Anjarantsika amin'ny irak'Andriamanitra mba hamerenana amin'ny laoniny izao tontolo izao ho amin'ny fitiavana izany.

Raha azonao atao, mitadiava sary hosodoko maneho an'i Jesôsy mijery an'i Petera teo an-kianja. Betsaka izy ireny, indrindra fa any amin'ny "internet" raha manana fahafahana ianao.

MOZIKA

Mitadiava hira hain'ny tanoranao, na izay tian'izy ireo hianarana momba ny famelan-keloka, famerenana amin'ny laoniny, ary firaisana amin'Andriamanitra. Raha efa manana hira faneva ianareo dia aza hadinoina ny mihira izany isankariva.

FAMPIDIRANA HO AN'NY TANORA

Nandritra ny alina roa isika, dia niresaka momba ny atao hoe famelan-keloka ary inona no tsy izy. Misy afaka milaza amiko ve hoe inona ilay tsy izy? *Manantena isika fa ho mora amin'ny tanora ny hamaly hoe "tsy fanalana tsiny!"* Efa noresahintsika ny momba ny hoe ahoana ny fomba hanombohan'izany miaraka amin'Andriamanitra sy ny fiafarany ao amin'Andriamanitra. Nampiasa ny sary an'ohatra momba ny fifamihinana isika. Asehoy ahy amin'ny fihetsika ary ny dingana voalohany. *Antenaintsika fa hanatsotra ny sandriny izy ireo toy ny hamihina. Tadinareo ve ny dingana faharoa? Manaiky ny hofihinina, mifampizara izay fifamihinana izay eo amin'ny olona roa. Ny sasany mety haneho amin'ny fihetsika mihitsy raha tiany.*

Hitantsika tany aloha fa teo amin'ny hazo fijaliana, dia nanatsotra ny tanampitiavany i Jesôsy ary nanolotra famelan-keloka sy famerenana amin'ny laoniny ho an'ny maro. Marina izany. Ho an'ny tsirairay mihitsy. Fa tsy ny rehetra akory no nanaiky. Fa nisy kosa anefa ny nanaiky. Hijery tantaran'olona sasantsasany izay nanaiky ny famelan-kelok'i Jesôsy sy izay nitranga isika anio.

NY TANTARA HO AN'NY ANIO ALINA

Fantatsika fa rehefa avy nanao fifanarahana isika ny amin'izay tokony atao raha misy olona misafidy ny hanohitra ny Fitiavana dia namorona izao tontolo izao Andriamanitra. Araka ny eritreritrao, inona no tsapan'Andriamanitra tamin'ny nanaovany izany? *Manomezana fotoana kely ho an'ny adihevitra.*

Ary inona no nitranga avy eo? Vakio indray ny Gen. 3:6-8 raha hitanao fa ilain'ny tarika misy anao izany. Ao amin'ny Baiboly dia toy ny hoe nitranga eo no ho eo izany! I Adama sy i Eva dia nihevitra fa ny menarana (izay Satana nisaron-tava) dia mahalala betsaka momba ny fiainana mahafinaritra noho ilay Andriamanitra. Mino ve ianao fa nanimba ny fitiavana izy ireo tamin'ny nihinanany ilay voankazo? Tamin'ny fomba ahoana ny nahatonga izany ho fihetsika tsy ampitiavana? Nifampizara anje izy ireo e! Sa tsy izany ve? *Avelao hisy valiny, raha ilaina, ampio ny tanora hahatsapa fa izany dia fihetsika noho ny tsy fahampian'ny fitokiana an'Andriamanitra; izany hoe tsy tamim-pitiavana.*

Inona no nitranga avy eo? Asaivo misy mamaky ny and. 9.

Izany dia ilay Andriamanitra izay nanatsotra ny sandriny ary manolotra famelan-keloka, sa tsy izany? Nanaiky ve i Adama sy i Eva? Aleo hisy valiny. Mazava, raha ny toko manaraka no jerena dia nanaiky izy ireo. Nibebaka izy ireo, ary anisan'ny ho any amin'ny paradisa koa izy ireo. Nomena fahitana momba ny namalian'izy ireo izany famihinan'Andriamanitra izany ramatoa White. Rehefa any an-danitra isika dia hahita azy ireo.

Fa nanala tsiny ny fahotan'i Adama sy i Eva ve Andriamanitra? Nanala azy ireo tamin'ny vokatry ny nataony ve izy? Inona ohatra ny sasany tamin'ireo vokany ireo? Avelao hamaly izy ireo. *Tariho izy ireo mba hahita fa isika, hatramin'izao, dia mbola miaina amin'ireo vokatry ny nataon'izy ireo. Manampy trotraka ny vokatr'ireo izay mbola ataontsika.*

Nizotra nankany amin'ny fahamaizinan'ny ota sy ny fahaverezam-panantenana izao tontolo izao. Ny zanak'izy ireo voalohany dia namono ny rahalahiny. Tao anatin'ny taranaka vitsy monja dia niady tamin'ny namany sahady ny olona ary nanompo ny tenany sy ny devoly raha tokony hanompo an'Andriamanitra.

Nandritra ny taonjato maro ao amin'ny Testamenta Taloha, amin'ny kapobeny dia maro ireo olona nikomy noho ireo nanam-pitiavana. Na izany aza dia nisy hatrany ireo nahatoky isaky ny taranaka.

Farany, tonga ny fotoana ny amin'ny planin'Andriamanitra avy any an-danitra mba hahatongavan'ny Zanaka ho teraka tahaka ny olombelona. Andeha isika haka sary an-tsaina indray mba hahafahantsika mandalina ny tantara sasantsasany nandritra ny fiainan'i Jesôsy rehefa nanolotra famindram-po izy.

Misy afaka ny mieritreritra fotoana iray izay namelan'i Jesôsy helok'olona iray ve? *Raha manana soso-kevitra izy ireo, dia mandania fotoana kely ho an'izany, satria zava-dehibe raha izy ireo mihitsy no mihevitra ny mahakasika izany. Mety ho tampoka amin'izy ireo anefa izany. Raha izany dia ampiasao ireo tantara asosoka eto.*

Sokafy ao amin'ny Jao. 4 ny Baibolinao ka diniho mandritra ny segôndra vitsy. Fantatrao ve io tantara io? *Avelao izy ireo hamaly, na (...) Ilay vehivavy teo am-pantsakan'i Jakôba io. Jereo ny and. 17,18. Nanana fiainana madio ve io vehivavy io? Tsia! Ary mazava koa fa fatra-pikatsaka zavatra tsara izy, dia niteny zavatra taminy izay mbola tsy nolazainy tamin'olon-kafa i Jesôsy. Jereo ny and. 26 hahitanao hoe inona izany.*

Hitanao ao anatin'io tantara io ve ilay teny hoe “famelan-keloka”? Tsia. Ahoana no ahalalantsika fa nanome famelan-keloka ho azy i Jesôsy? Nanaiky ve izy? *Jereo ny and. 28-30. Inona no nataony? Ary inona no vokatr'izany?*

Ny tanàna iray manontolo mihitsy no tonga mba hamantatra an'i Jesôsy satria nanaiky ny famelan-keloka sy ny fiainam-baovao natolotr'i Jesôsy ity vehivavy ity.

Andeha hijery tantaram-behivavy hafa isika ao amin'ny filazantsara nosoratan'i Jaona. Jereo ny Jao. 8:3,4. *Mangataha mba hisy hamaky. Alaivo sary an-tsaina ny tranga rehetra. Iza no teo? Avelao ny tanora hamariparitra ny tranga sy ny toetra eo am-pakana sary an-tsaina. Iza no mila famelan-keloka eto? Ampio izy ireo mba hahita fa tsy ilay vehivavy irery no teo, miaraka amin'ilay lehilahy niaraka taminy, izay toa tsy tazana, sy ireo Fariseo izay tezitra, vonona ny hitsara, ary nanala baraka ampahibemaso nanao izay hahamenatra ilay vehivavy.*

Inona no nataon'i Jesôsy? Makà minitra vitsy hijerena ny tohin'ny tantara, avelao ny tanora hamoaka izay ao am-pony.

Jereo ny and. 11. *Mangataha mba hisy hamaky. Mbola tsy ahitana ny teny hoe “famelan-keloka” ihany eto, fa ny hoe “Izaho koa tsy manameloka anao”. Hita indray eto fa ny famelan-keloka dia tsy fanalan-tsiny akory! Tsy niteny fotsiny i Jesôsy hoe “Eny e!, tsy maninona izany”. Mety sa tsia ny nataon'ilay vehivavy? Hoy izy: “Aza mandehandeha etsy sy eroa mahatsiaro ho menatra — tsy hanampy anao izany — fa aza manao izany intsony!” Raha ny hevitrao ahoana ny fiovan'ny fiainany taorian'io?*

Andeha hijery tantara anankiray hafa isika ny amin'ny nanoloran'i Jesôsy famelan-keloka. Nolalovantsika kely fotsiny izy ity omaly. *Naoty manan-daja: raha nampiasa tantara natolotry ny tanoranao ianao, dia ataovy azo antoka fa tafiditra ity iray ity raha tsy nampidirin'izy ireo.*

Nandritra ny telo taona sy tapany no nandehanan'i Jesôsy teto an-tany tamin'ny maha-olona Azy, niaraka tamin'ny fahalemena rehetra toy ny harerahana, ny hanoanana nefa tsy nanota. Raha lazaina amin'ny teny hafa dia niaina fiainam-pirindrana tamin'ny fitiavan'Andriamanitra izay namorona izao rehetra izao Izy. Nitia ny olona rehetra Izy, tamin'ny fotoana rehetra, na inona na inona nataon'ireo, na dia tsy nitia Azy aza ireo. Miteny mahery Izy rehefa ilaina izany ary manasitrana Izy rehefa afaka manao izany ary mampianatra ny olona rehetra izay te hihaino ihany koa.

Ao anatin'io tantara io dia hovakintsika ny fanandramana natrehiny tamin'ny faran'ny fiainany teto an-tany. Paska tamin'izay, ka nisakafo niaraka tamin'ny mpianany Izy. Ary fantany fa io no andro hiainany farany, nefa tsy fantatr'izy ireo izany. *Vakio ny Jao. 13:1-5. Tongotr'iza no nosasan'i Jesôsy? Nanasa ny tongotr'i Jodasy ve Izy? Ahoana no ahafahanao milaza izany?*

Ho an'ity tantara ity dia manana fahazavana fanampiny avy amin'i Ellen White isika ao amin'ilay boky Ilay fitiavana mandresy t.695. *Vakio izany ka mitrakà ary banjino ny mason'ny tanoranao mandritra ny fotoana fohy; avelao hilentika ao am-po tsara izany.*

Liana tamin'ny fanahy (n'i Jodasy) Jesosy (...) Niantsoantso ny fony nanao hoe: «Ahoana no ahafoizako anao?» Tsapan'i Jodasy ny hery manerin'io fitiavana io. Raha sendra nanasa ireto tongotra maloto ny tanan'ny Mpamonjy, ka namafa azy tamin'ny lamba famaohana, dia nangitakitaka ihany ny fon'i Jodasy ary voatosika teto sy teroa hiaiky ny helony. Tsy te-hanetry ny tenany izy anefa. Nanamafy ny fony tsy hibebaka izy.

Mety hisy zavatra handratra fo mihoatra noho izany ve? Nanatsotra ny sandriny i Jesôsy, nanolotra famelan-keloka, nefa tsy nandray i Jodasy. Lasa izy ka nanolotra ny Tompony ho amin'ny henatra sy ny fahafatesana. Fa misy olon-kafa fantatrao koa ve namadika an'i Jesôsy tamin'iny alina iny? Andeha hovakintsika ny Lio. 22:54-60. Inona no nitranga eto?

Avelao hisy adihevitra sy fitantarana indray ilay tantara. Ratsy kokoa noho ny famadihan'i Petera ve ny an'i Jodasy? Samy namadika Azy izy ireo rehefa tafalatsaka tao anaty lalina Izy, sa tsy izany?

Andeha ary hampitahaintsika indray ireo tantara roa ireo sy ny fahasamihafany. *Jereo ny and. 48. Tamin'ny namadihan'i Jodasy an'i Jesôsy dia niresaka taminy Izy. Araka ny fahafantarany an'i Jesôsy, dia hitany fa nibanjina azy tamim-pitiavana Izy. Tokony efa nanomboka nibebaka i Jodasy teo. Tsy nataony anefa izany. Inona no nataony?*

Jereo indray ny and. 61. I Lioka ihany no hany mpanoratra nanoratra ny momba ity tranga ity. Teo amin'ny lavarangana i Jesôsy, miatrika ny fiampangana

tsy marina izay mety hanapitra ny ainy. Tsy afaka ny hiresaka amin'i Petera mihitsy Izy teto. Nefa nijery azy Izy tahaka ny nijereny an'i Jodasy tery aloha ihany koa. *Asehoy ilay sary hosodokonao raha nahita ianao.*

Andeha isika hanao lisitra ireo fitoviana misy ao amin'ireo tantara roa ireo. *Asaivo mamaly izy ireo.* Andeha indray ary hojerentsika ireo fahasamihafana. *Mangataha olona hamaky ny and. 62.* Inona no mampiavaka ny tantaran'i Petera? Aleo hamaly izy ireo.

Tena manan-danja izany! Samy tian'i Jesôsy ireo mpianatra roa ireo. Samy noezahiny hotratrarina izy ireo. Samy nampitandremany izy ireo. Noezahiny ny hahazo indray ny fitiavan'izy roalahy ireo. Rehefa nijery an'i Petera tamim-pitiavana sy tamin'alahelo Izy, dia nijery azy koa i Petera! Inona no nataon'i Petera? Nahoana?

Nanakatona ilay fifamihinana i Petera, sa tsy izany? Tsy afaka ny tena hamihina an'i Jesôsy tokoa izy, tamin'io fotoana io. Raha ny tena marina dia mbola tsy nahatsapa famelan-keloka izy. Mbola misy fizarany hafa io tantara io. Avadiho ny Baibolinao ho ao amin'ny Jao. 21:4-7. *Mangataha olona hafa hamaky izany.*

Tsy afaka namihina an'i Jesôsy teo an-kianjan'i Pilato i Petera, nefa teto izy dia tena naniry hamihina Azy tokoa! Nahatsiaro nenina sy henatra noho ny zavatra nataony izy. Te hiteny amin'i Jesôsy indray ny fahadisoany sy ny fifonany izy ary te hahazo antoka fa namela azy i Jesôsy. *Hiarahantsika mamaky ny and. 15-17.*

Maneho ireo andininy ireo fa nanakaiky ny fifamihinan'ny fampihavanana i Jesôsy sy i Petera, na dia tsy nifamihina ara-batana aza izy ireo. Nanota i Petera. Namela heloka i Jesôsy. Nanaiky ny famelan-keloka i Petera. Ankehitriny, dia manana toromarika ho an'i Petera i Jesôsy mba hahafahany miaina amin'ny hoaviny sy hiarovany ny tenany mba tsy hamitaka ny Mpamonjy intsony. Tadidio ny 1 Jao. 1:9. Tsy hoe te hamela heloka an'i Petera fotsiny ihany i Jesôsy. Te hanadio azy ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra koa Izy. Fantatsika fa nanjary mpitarika lehibe teo amin'ny fiangonana voalohany i Petera, ary izany dia satria efa lavo izy nefa nisy nanarina indray. Tena nalemy fanahy sy nampahery ireo izay lavo sy nila famelan-keloka sy fampihavanana izy.

FAMPIASANA ATAON'NY TARIKA

Manaova sary izay azonao apetraka any am-pianarana, ao am-piangonana na any amin'ny toerana izay hitanao fa hanampy anao. Izany sary izany dia tokony hilaza fa “ny famelan-keloka dia nandanian'i Jesôsy ny zavatra rehetra. Nefa izany dia maimaim-poana ho anao”.

Raha manana hevitra tsara momba ilay sary ianao, dia azonao atao amin'izay itiavanao azy izany. Azonao atao koa ny manao ny sarin'i Jesôsy na olona hafa miaraka amin'ny sandriny mivelatra tsara.

FAMPIASANA MANOKANA

Mandania minitra vitsy indray hamenoana ny ampahany amin'ilay kisarisarinao. Eo am-panaovana izany dia miresaha ny fomba fanaovan'i Jesôsy zavatra iray mahafinaritra avy amin'ny zavatra izay efa simba sy potika. Anio dia azonao atao ny manamarika manokana ny fomba hahatonga ny famadihana rehetra hanimba zavatra sy ny fomba ahafahan'ny fahatokiana manarina izany indray.

FAMARANANA

Farano amin'ny hira faneva sy vavaka ny fotoana. Mangataha famelan-keloka avy amin'Andriamanitra ho an'ny otan'ny tsirairay, ary koa mangataha fanahy mahay mamela heloka. Omeo fotoana mangina ny tsirairay mba hangatahany famelan-keloka ho an'ny otan'izy ireo ihany koa.

LESONA FAHEFATRA

Ny famihinan'olombelona

FAMPIDIRANA HO AN'NY MPITARIKA

Tamin'ny planina lehiben'Andriamanitra mba hampihavanana izao tontolo izao Aminy dia tsy maintsy nanolotra famelan-keloka aloha Izy. Tsy ho azon'ny olombelona atao amin'ny herin'ny tenany mihitsy izany. Noho izany, ny dingana voalohany tokony hataontsika dia ny manaiky ny famindram-pon'Andriamanitra. Ho an'ity alina ity, dia hifantoka amin'ny and. 18-20 amin'ny 2 Kôr. 5 isika. Hijery ny asa fampihavanana nataon'Andriamanitra ho antsika isika, ary hianatra tantaran'olona vitsivitsy izay namela ny heloky ny hafa, eny fa na dia mety tsy nanaiky ilay famelan-keloka sy nandà ilay famihinana aza ilay olona.

MOZIKA

Mitadiava hira izay hain'ny tanoranao na izay tian'izy ireo hianarana, ka mifantoka amin'ny famelan-keloka sy ny firaisana. Raha efa manana hira faneva ianareo dia ataovy azo antoka fa hirainareo isan-kariva izany.

FAMPIDIRANA HO AN'NY TANORA

Nandritra ny alina telo izay no niresahantsika momba ny famelan-keloka. Omaly isika dia nianatra ny fomba nitondran'i Jesôsy famelan-keloka ho an'ny tany nandritra ny naha-teto Azy. Rehefa nandeha Izy, dia nomeny iraka isika mba hanohy ny asany. Miresaka momba izany i Paoly ao amin'ny andalana fototra izay nosafidintsika. *Misy afaka mamaky ve ny 2 Kôr. 5:18?*

Eo amin'ny tapany faharoa amin'io andininy io dia milaza i Paoly fa nanome antsika asa tokony atao ny fanompoana nataon'i Jesôsy rehefa lasa Izy. Inona ary izany?

Andeha ary hovakintsika ny and. 19. Mizara roa io andininy io. *Mety mila olona ianao hanoratra ireto teboka manaraka ireto eo amin'ny solaitrabe.* Voalohany, inona no nataon'Andriamanitra? Mazava — Tonga teto an-tany tamin'ny alalan'i Kristy Izy, mba hampihavana an'iza Aminy? Izao tontolo izao! Izay indrindra. Ny fehezan-teny manaraka dia mamariparitra ny dikan'izany. Amin'ny fomba ahoana

no nampihavanan'Andriamanitra ny olona taminy? *“Tsy nanisa ny fahadisoany” — Azonao atao ny mijery dikan-teny hafa miaraka amin'ny vondrona misy anao.* Ary ny faharoa kosa, inona no nomen'Andriamanitra hataontsika. Araka ny fihevitrao, inona no dikan'ny hoe Andriamanitra “nametraka teny fampihavanana” tamintsika? *Manomezana fotoana fohy mba handinihana izany rehetra izany.*

Mbola vao ny tapany voalohany amin'ilay fifamihinam-pampihavanantsika izany; mazava ve? Voalohany, niresaka momba an'Andriamanitra izay manatsotra ny tanany isika satria ny famelan-keloka dia avy amin'ny Mpamorona irery ihany ary anio dia hiresaka isika momba ny olona izay manatsotra ny sandriny mba hamela ny hafa.

NY TANTARA HO AN'NY ANIO ALINA

Misy ohatra tsara momba ny olona izay nanolotra famelan-keloka ao amin'ny Testamenta Taloha. Iza no afaka mitantara amintsika fohifohy ny tantaran'i Josefa? *Manampia raha ilaina, mba ahitana ireo fialonana fototr'ireo rahalahin'i Josefa, ny nivarotan'izy ireo azy ho andevo, sy ny niarahan'Andriamanitra taminy sy ny nananganany azy ho Praiministr'i Egipta mba hifehy ny hanoanana, ary ny nahatongavan'ny rahalahiny hiankohoka teo aminy mba hitady hanina noho ny hanoanana nefa tsy nahalala azy.*

Andeha hojerentsika ny Gen. 45. Inona no mitranga eo amin'ny and. 1-3? Inona no mety ho fahatsapan'ireto rahalahiny ireto rehefa nahita an'ity manankaja egiptianina ity nilaza fa izy no ilay rahalahin'izy ireo very, dia i Josefa? Nahoana? *Aleo izy ireo hamaly. Efa mba niezaka ny nipetraka teo amin'ny toeran'ity rahalahiny ity ve izy ireo.*

Raha ianao no teo amin'ny toeran'i Josefa, ary nivarotra anao ho andevo ny rahalahinao [teo amin'ny firenena akaiky anareo], ahoana ny fomba hitondranao azy ireo? *Avelao hisy hamaly.*

Andeha hovakintsika ny zava-nitranga marina. *Misia mamaky ny and. 4-8.* Nahoana no afaka namela heloka toy izany i Josefa? *Vakio indray ny and. 7-8.* Nanome voninahitra an'Andriamanitra i Josefa. Mino ve ianao fa raha tao am-ponja i Josefa dia nihevitra fa planin'Andriamanitra ho an'ny fiainany izany? Azontsika antoka fa tsy planin'Andriamanitra ny hahatonga ireto rahalahiny ireto hankahala azy, na ny hivarotra azy ho andevo. Azon'Andriamanitra natao ny nitondra an'i Josefa tany Egipta tamin'ny fomba hafa, sa tsy izany ve? Fa hatramin'ny niantombohan'ny ota dia noezahin'Andriamanitra ny hitondra zavatra tsara, eny, fa na dia ao anatin'ny faharatsiana tena lehibe indrindra aza. Nianatra izany i Josefa, satria efa hatrany am-piandohana, raha mbola tanora sy nampitahorina ary tsy nahalala akory izay hitranga eo amin'ny fiainany izy, dia nisafidy ny hifikitra amin'Andriamanitra sy ny finoany. Azontsika atao koa izany.

Nanaiky ny fifamihinana sy nanaiky ny famelana ny helok'izy ireo ve ny rahalahin'i Josefa? *Avelao izy ireo hamaly.* Tsy fantatsika ny tsipiriany amin'ireo fihetseham-pon'izy ireo tamin'izany, nefa misy ampahany nomena antsika ao amin'ny toko faha-50. Misia mamaky ny toko faha-50, and. 15-21. Toy ny hoe tsy tena resy lahatra ireto rahalahiny fa nanome famelan-keloka tanteraka i Josefa, sa tsy izany ve? Araka ny hevitrao, inona no nampitomany an'i Josefa ao amin'ny and. 17? *Aleo izy ireo hamaly.*

Ny tantaran'i Josefa dia ohatra lehibe ho antsika fa na dia ny zavatra ratsy indrindra aza dia azo avela heloka.

Misy tantara hafa azo vakina koa ao amin'ny Jao. 4, dia ny tantaran'ilay vehivavy teo am-pantsakana izay efa nojerentsika. Nomen'i Jesôsy famelan-keloka ity vehivavy ity, ary tadidinao ve ny nataony avy eo? Andeha hovakintsika ny Jao. 4:28-30. Andeha hisaintsaina minitra vitsy isika. Fiainana manao ahoana no nananan'ity vehivavy ity mialoha izao? Nanao ahoana ny fifandraisany tamin'ny hafa teo an-tanàna? Tsy maintsy amin'iny antoandro mahamay iny ve izy no haka rano, fa tsy amin'ny maraina miaraka amin'ny vehivavy hafa? Toa olona nitokantoka-monina izany izy. Nefa raha vao nandray ny vaovao mahafaly izy, dia nihazakazaka nizara izany. Tsy nilaza izany ny Baiboly, nefa tsy tsapanao amin'izany vakiteny izany ve fa naniry ny hanolotra famindram-po koa ity vehivavy ity taorian'ny nahazoany izany?

Niova ny tanànan'i Sykara iray manontolo noho ity vehivavy ity. Iza moa no nanampo fa ilay olona nolavin'ny fiarahamonina no hanova ny zavatra rehetra tamin'ny alalan'ny firesahany tamin'ny lehilahy vahiny teo amin'ny fantsakan'ny tanàna? Toa hita koa fa betsaka ireo olona namela ny fiainan'ity vehivavy ity tamin'ny lasa ary nanaiky ny famelana ny helony tamin'ny fitsaratsarana azy. Azo antoka fa nisy fisakaizana niantomboka indray.

Azo antoka koa fa mety nisy olona tsy nanaiky ny famelana ny helony na tsy namela heloka azy. Amin'izay tranga izay, dia miankina amin-dravehivavy ny hitoerany eo amin'ny fiaiken-keloka hatrany sy hiainany fiainana vaovao ao amin'i Jesôsy, miaraka amin'ny herin'ilay "loharano velona" nampanantenain'i Jesôsy azy. Azo antoka fa rehefa nandeha ny fotoana dia tsapan'ny hafa fa tena niova tokoa izy. Eny fa na dia tsy nanaiky ny fampihavanana (hivavana aminy) aza izy ireo, dia tokony hanohy hatrany hihazona ity toe-tsain'ny famelan-keloka ity izy.

Misy antony miavaka tsara ny tokony hamelana heloka miaraka amin'ny fanehoana famindram-po amin'ilay olona nanota taminao. Tsara ho anao izany. Na mifona na tsy mifona ilay olona, dia tena manimba antsika ny mandà tsy hamela heloka azy. Manamaizina ny fontsika izany, ary matetika dia mihoatra lavitra noho ny ratran'ilay ota natao tamintsika. Misaina izany foana isika matetika, mieritreritra hatrany ny ratsy izay natao tamintsika. Indraindray dia misaintsaina ny fomba ahafahantsika mamaly faty isika. Indraindray dia miezaka ny hamaly faty isika.

Ary amin'izay dia efa nanota tahaka ilay olona isika. Amin'ny fomba ahoana no hahatonga izany hanampy antsika?

Tokony hotsarovantsika fa ny famelan-keloka dia tsy fanalana tsiny akory. Ny olona izay mihevitra fa tsy afaka mamela heloka izy ireo, dia matetika mihevitra fa tokony hamela ny zavatra rehetra hitranga fotsiny amin'izao, ka hanala tsiny izany ho toy ny tsy misy dikany. Tena misy dikany ireny! Raha tsy misy dikany ireny, dia fahadisoana amin'ny maha-olombelona tsotra fotsiny ka tsy ilana famelan-keloka. Fa rehefa ota ny zavatra iray, dia tsy misy fialan-tsiny ho amin'izany, nefa ny fandavantsika tsy hamela heloka dia tsy hanimba ny hafa tahaka ny hanimbany antsika. Hoy ny sasany hoe ny fandavana tsy hamela heloka dia tahaka ny misotro poizina ary manantena fa hisy olon-kafa ho faty vokatr'izany. Inona no heverinao ho hevitr'izany? Avelao hisy adihevitra.

Nomen'Andriamanitra antsika ny asa fampihavanana. Midika izany fa miankina amintsika lzy mba hanao tahaka ny nataony tamintsika amin'ny hafa. Saintsaino ity: Manao ahoana ny fahasarotan'ny fanadiovan'Andriamanitra ny olona sasany ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana raha toa ianao ka mikiry amin'ny fiantsoana ireo olona ireo amin'ny fahotany?

Farany, Andeha hijery tantara amin'izao vanim-potoana iainantsika izao. Ny tsipirian'ity tantara ity dia novana kely ho fiarovana ny tsiambaratelo, nefa dia tantara marina izy ity, ary betsaka ny tantara mitovy amin'ity mitranga matetika eny rehetra eny.

Nisy zatovovavy iray. Ataontsika hoe Lea no anarany. Nanambady izy ary nanan-janaka kely roa. Fantany fa i Zaka vadiny dia tsy tena sambatra, nefa nino izy fa izany dia noho ny tsy fanolorany tena tanteraka ho an'Andriamanitra. Tsy fantany anefa fa noho ny amin'ilay fanambadiana mihitsy no tsy nahasambatra azy. Nivavaka tsy nitsahatra izy ary nanao izay azony natao mba ho vady sy ho reny tonga lafatra, ary nanantena fa hiverina amin'Andriamanitra ny vadiny, sy aminy koa.

Rehefa nandeha ny fotoana dia nihatezitra hatrany i Zaka. Tamin'ny voalohany, dia nitabataba sy niteny mahery sy mandratra izy.

Namela heloka azy i Lea.

Dia nanomboka nahery setra izy, namaky ny fananan'izy ireo ary nanimba ny taotrano.

Namela heloka azy hatrany i Lea ary nivavaka mafimafy kokoa.

Dia nanomboka nikasi-tanana azy izy.

Tamin'izay fotoana izay no nisy ramatoa lehibe iray fantatr'i Lea nanatona azy tao am-piangonana. Niezaka ny nihomehy i Lea; nilaza izy fa vokatry ny fianjerany no nahatonga ireo ratra, fa ilay ramatoa kosa, dia ramatoa Kina, tsy mba nitsiky. "Lea, maninona raha mba tonga any an-trano miaraka amin'ny ankizy ianao ka hiara-misakafao amiko. Andao hitafatafa sy hiara-mivavaka isika".

Tamin'io tolakandro io, niaraka tamin'ny zaza roa natory, dia vitan-dramatoa Kina ny namaky ny sakantsakana teo amin'i Lea mba hahitany ny marina. "Tsy afaka ny hiaina tahaka izao hatrany ianao", hoy izy tamin'i Lea.

"Fantatro anefa fa masina ny fanambadiana amin'Andriamanitra, ary tiany mba hamela heloka aho", hoy i Lea namaly azy.

"Eny e, mamelà heloka. Manome fialan-tsiny ho azy ianao. Zavatra samy hafa izany", hoy ramatoa Kina taminy. "Miaro an'i Zaka mba tsy hizaka ny vokatry ny nataony ianao. Tian'Andriamanitra i Zaka ary te hanova azy Izy. Ahoana ny ahafahany manao izany raha avelanao tsy hahatsapa ny tsy mampety ny zavatra ataony aminao sy ireo ankizy ireo i Zaka?"

"Tsy mbola nikasi-tanana ireo ankizy ireo izy", hoy i Lea namaly haingana.

"Mandratra ireo ankizy ireo izy amin'ny alalan'ny fandrastrany anao", hoy ramatoa Kina hentitra dia hentitra. "Ny ratsy indrindra, dia mandratra ny tenany izy. Raha tena tianao izy, dia tsy maintsy avelanao hizaka ny otany, ary mivavaha mafy mba hahatonga an'Andriamanitra hihazona azy. Hanampy anao aho, hanampy anao koa ny Pastora".

Io no zavatra mafy indrindra tamin'i Lea nefa tsy maintsy hataony, dia ny hiteny amin'i Zaka fa tena tiany loatra izy ka tsy avelany handratra azy sy ny zanak'izy ireo ary ny fianakavian'izy ireo. "Mila fanampiana ianao", hoy izy taminy sady nitomany. "Mivavaka ho anao aho isan'andro mba hiverenananao, amin'ilay lehilahy salama sy be fitiavana izay fantatro fa azonao atao".

Romotra i Zaka. Niampanga an'i Lea ho tsy tia azy izy, ho tsy Kristianina, ho nanimba ny fanambadian'izy ireo. Nanindry hatrany izy fa tsy mbola nanao zavatra izay tsy tokony hataon'ny vady amin'ny ankohonany. Nitabataba sy niteny maharary ary nandrahona izy, nefa teo avokoa ny pasitora sy ny vadiny, ramatoa Kina, ary ny fianakavian'i Zaka sy i Lea. Nentin'izy ireo niala izy. Niezaka ny hanampy azy hitady trano sy mpanolo-tsaina izy ireo, nefa nanjavona i Zaka.

Noho ny ratram-pony, dia sarotra ho an'i Lea ny niaina toe-tsaim-pamelan-keloka, na izany dia tsy fantany mihitsy izay mety ho fiafaran'ny tantara. Mbola hiverina amin'Andriamanitra ve i Zaka? Mbola hiverina ao an-trano ve izy? Hanaiky ny famelana ny helony ve izy?

Ahoana ny hevitrao? Afaka mamela heloka ve ianao raha tojo io tranga io? Eny fa na dia tsy hiverina intsony aza ilay olona, ary tsy nanaiky ny famelan-keloka

natolotrao, tsy nanaiky akory fa tsy mety ny zava-bitany; mbola ho vitanao ihany ve ny hihazona ny sandrinao hitsotra tahaka ny teo amin'ny dingana voalohany amin'ny fifamihinan'ny fampihavanana?

Omeo minitra vitsy hifanakalozan-kevitra momba ny fahatsapana aterak'izao karazam-paharatrana izao. Ifanakalozy hevitra ny fiantraikan'izany fahatsapana izany amin'ny famelan-keloka. Mifanakaloza hevitra ny amin'ny mety hisian'ny ny vokatry ny zavatra iray hatrany, eny, fa na dia voavela heloka aza, ary ahoana ny fahasarotan'ny fahaiza-mandanjalanja mba hitazomana ilay olona tianao ho ao amin'ny fanantenana ny fampihavanana, kanefa tsy mitsahatra ny mitombo hatrany, mandroso hatrany eo amin'ny fiainany mandritra izany fotoana izany ary mamela ny vokany ho an'Andriamanitra.

Nisafidy ny hiaina fiainam-pamelan-keloka i Lea. Nandeha hatrany ny fotoana, nefa mbola tsy fantany izay hiafaran'ny toe-javatra. Afaka milaza aminao izy (sy ny zanany) fa izany karazam-panararaotana izany dia misy fiantraikany amin'ny fiainana iray manontolo, ary tsy mora ny mamela heloka. Azony lazaina anao fa tsy manala ny ratra sy ny fahatezerana izany. Fa azony lazaina anao mihoatra noho izany fa mahatoky Andriamanitra, ary ho eo anilantsika hatrany na inona na inona ataon'ny olona amintsika. Mbola manantena hatrany fanambadiana tafaverina amin'ny laoniny izy. Nefa raha tsy mitranga izany, dia manantena izany koa angamba izy, fa hifankahita any an-danitra izy ireo ary afaka ny hihavana amin'ny fahafenoany. Raha tsy izany, dia matoky an'i Jesôsy izy, na inona na inona mitranga.

FAMPIASANA

Zarao ireo fitaovam-panoratana.

Fantaro na tokony hamela heloka olona iray ianao na tokony hangataka famelan-keloka amin'olona iray. Hanoratra taratasy isika, nefa azontsika atao ny mandefa na tsia izany any amin'ny olona sahaza azy. Matetika dia ny taratasy no fomba tsara indrindra hangatahana na hanolorana famelan-keloka, fa tsara kokoa indraindray ny manao izany mivantana. Raha tsy vitanao ny miteny ilay olona, na efa maty ilay olona fa ilainao ny mamela heloka noho ny aminao manokana, dia afaka manampy anao amin'izany tranga izany sy izay tianao lazaina ny taratasy. Soraty ao anaty taratasinao izay rehetra tsapanao. Avy eo dia vakio indray izany ary manapaha hevitra raha toa ka misy zavatra tsy tokony holazaina ao amin'ireo nosoratanao. Mivavaha mba hahafantaranao na tokony homena ilay olona io taratasy io, na tokony hopotehina ary tokony hiresaka mivantana amin'ny ilay olona ianao. Raha misy olona ao amin'io efitrano io izay tokony hanatsoranao ny sandrim-pamelan-kelokao, dia tokony hiresaka aminy izao ankehitriny izao ianao.

FAMPIASANA MANOKANA

Tohizo ny tetikasanao. Mieritrereta lalina momba ny faharatrana ary izay mety ho fiatraikany. Anontanio Andriamanitra raha misy fomba mety azonao atao mba hanampiana ny hafa.

FAMARANANA

Farano amin'ny hira faneva ny fotoana ary mivavaha ho an'ny fanahy mahay mamela heloka. Angataho Andriamanitra hanampy anao hahita ny hafa amin'ny fomba fijery vaovao, izay mahita fa mila famelan-keloka avokoa isika rehetra ary mila famindram-po amin'ny fotoana rehetra.

LESONA FAHADIMY

Ambasadaoron'ny fampihavanana

FAMPIDIRANA HO AN'NY MPITARIKA

Milaza ny andalan-teny fototra noraisintsika ao amin'ny 2 Kôd. 5 fa nomen'Andriamanitra asa fampihavanana isika. Voalohany, amin'Andriamanitra, ary avy eo amin'ny hafa. Anio dia hifantoka amin'ny and. 20-21 isika. Handany fotoana hijery ny tantaran'ireo olona izay tsy nanaiky ny famelan-kelok'Andriamanitra isika ary ireo izay voaova tanteraka noho izany.

Ny tantara fanampiny dia avy amin'ny <https://www.tennessean.com/story/news/crime/2019/04/03/tennessee-execution-victim-daughter-seeks-mercy-death-row-inmate-donnie-edward-johnson/3345860002/>, miaraka amin'ny <https://www.tennessean.com/story/news/2019/04/17/tennessee-execution-donnie-edward-johnson-plea-death-row-gov-bill-lee/3484775002/> sy <https://www.tennessean.com/story/news/crime/2019/05/01/tennessee-execution-donnie-johnson-interview/3590419002/>. Hitantsika ihany koa ao amin'ny ilay boky “Adventist Today Magazine” ao amin'ny www.atoday.org izany.

Ho an'ny hetsika amin'ity alina ity, dia mila taratasy ianao, na karatra na pensilihazo, na “marqueur” sy ny sisa izay azo ampiasaina hanaovana asan-tanana.

MOZIKA

Mitadiava hira izay hain'ny tanoranao na izay tian'izy ireo hianarana, ka mifantoka amin'ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fangoraham-pony ho an'ity tontolo mandratra ity. Raha efa manana hira faneva ianareo dia ataovy azo antoka fa hirainareo isan-kariva izany.

FAMPIDIRANA HO AN'NY TANORA

Efa hitantsika ny atao hoe famelan-keloka sy ny heviny ary ny tsy izy ihany koa? (Tokony ho tsaroan'izy ireo hoe tsy fanalana tsiny izany.) Hitantsika tany aloha ny zava-mitranga rehefa manokatra ny sandriny ao amin'ny fihetsiky ny famelan-keloka ho an'izao tontolo rehetra izao i Jesôsy ary maty mba hamerina ity tontolo ity ao amin'ny fitiavana avy amin'Andriamanitra indray. Hitantsika mihitsy aza fa namela ireo miaramila namono Azy Izy —ary amin'izao andro izao, dia mitsangana, vonona ny hamela heloka ny mpanota ratsy indrindra izay miverina aminy i Jesôsy.

Hitantsika ny fiantombohan'ny fifamihinan'ny fampihavanana. Ary hitantsika koa hoe inona no miseho raha misy olona tsy manaiky izany tolotra famelan-keloka izany. Anio alina, inona kosa no mitranga raha misy olona, eny, fa na dia izay ratsy indrindra aza manatona an'i Jesôsy? Hojerentsika hoe vokatra manao ahoana no ho hita, ary hanao ahoana ny fiovan'ny fiainan'izy ireo, sy ny fiainan'ireo manodidina azy.

Andeha hanomboka amin'ny tantara ao amin'ny Baiboly isika. Misy andininy roa izay maneho izany. Misy afaka mamaky ny Mar. 16:1 sy ny Lio. 8:2 ve?

Izay mihitsy! Andininy roa, izay saika misy fitoviana ireo, milaza fa i Jesôsy dia nandroaka devoly niala tao amin'ny Maria Magdalena. Hatraiza ny fahaizanao momba an'i Maria Magdalena? Avelao izy ireo hamaly.

Tsy fantatsika ny tsipirian'ny fiainan'i Maria Magdalena tany aloha tany. Fa raha ny fisehon'ny tantara, dia toa niala ny tranony, ny anadahiny sy ny rahavaviny izy ary niaina fiainam-pahotana tany Magdala. Ramatoa White dia milaza amintsika ao amin'ny boky llay fitiavana Mandresy (t. 603) fa iray tamin'ireo fariseo no nitarika azy hanota voalohany. Azo lazaina fa nody tao an-trano i Maria, ary nitranga ny fotoana lehibe indrindra teo amin'ny fiainany — nihaona tamin'i Jesôsy izy. Andeha hohenointsika ny famariparitan-dramatoa White ny toe-javatra. [lly fitiavana mandresy, t. 604]

“Noheverina ho mpanota lehibe i Maria, nefa Kristy nahalala ireo toe-javatra nanjary lasitra teo amin'ny fiainany. Azony natao ny namono ny kilalaon'afô rehetra nitondra fanantenana tao amin'ny fanahiny, nefa tsy nanao izany izy. Izy no nanandratra azy hiala teo amin'ny fahakiviana sy ny fahafatesana. Impito i Maria no nandre ny fitenenana mafy an'ireo demonia izay nifehy ny fony sy ny sainy. Efa reny ireo antsoantso mafy nataony ho azy tamin'ny Ray (...) ary noho ny herin'Andriamanitra dia naharesy izy”.

Taorian'izany fotoana izany, dia tonga ho anisan'ireo mpianatr'i Jesôsy nahatoky indrindra i Maria. Ny hany zavatra tiany dia ny handany ny fotoany miaraka Aminy ka hianatra ny hiaina sy hitia tahaka ny niainany sy nitiavany. Izao no zava-nitranga. *Sokafy ny Baibolinao ao amin'ny Lio. 10:38-42. Afaka misy mamaky manokana na miaraka.*

Nanandanja ve ny zavatra nataon'i Marta? Ilaina tokoa ny mikarakara vahiny, sa tsia? Tsy azo lavina fa manampy tokoa i Maria matetika. Fa noheveriny teto fa manan-danja kokoa ny mitoetra sy mianatra eo an-tongotr'i Jesôsy noho ny mivezivezy mikarakara ny trano sy ny sakafo mba ho lafatra.

Misy tantara hafa ao amin'ny Jao. 11. Tantara lava sy tena manan-danja tokoa izy ity, nefa tsy handany fotoana betsaka ny amin'izany isika anio. Fa ataovy indray mijery ilay toko ary lazao ahy ilay tantara avy eo. *Aleo hisy adihevitra misimisy kokoa mba ahitana ireo fototry ny fitsanganan'i Lazarosy tamin'ny maty efatra andro taty aoriana.*

Ary rehefa tonga eo amin'ny toko manaraka isika (Jao. 12) dia nanana antony betsaka hisaorana an'i Jesôsy i Maria. Hampitaha dikanteny anakiroa momba ity tantara ity isika. Tiako raha mba misy hijery ny Jao. 12 ary ny iray kosa hijery ny Lio. 7. Ireo tantara ireo dia samy ahitana tsipirian-javatra izay tsy hita ao amin'ny anankiray, ka rehefa atambatra izany, dia mahazo sary feno kokoa ny amin'izay tena nitranga marina isika. Hametra-panontaniana aho, ary izay ao amin'ny Jaona no afaka hamaly ny sasany ary izay ao amin'ny Lioka kosa no hamaly ny sasany. Ny fototr'ilay tantara dia mitovy ao amin'izy roa. *Ampiasao ho adihevitra ity tapany ity.*

Taiza io fisakafoana io?
Iza avy no tao?
Inona no nataon'i Maria?
Iza no tsy nankasitraka izany?

Ramatoa White dia milaza misimisy kokoa momba io tranga io. Milaza izy fa i Simôna no nitarika voalohany an'i Maria hanota. Fantatr'i Jesôsy izany, ary azony natao ny nilaza izany tamin'ny olona rehetra teo, nefa tsy nataony izany. Nanana famindram-po lzy, tahaka ny fanaony mahazatra, ary nilaza fanoharana. Araka ny hevitrao inona no nantenainy hiseho? Nitranga tokoa ve izany? Tsy milaza izany ny tantara, sa tsy izany ve?

Iza koa no tsy nankasitraka? Ary inona no antony? Nanaiky ny famelan-
kelok'i Jesôsy sy ny famindram-pony ve izy?

Ireo toko roa ireo dia mifara amin'ny teny roa samy hafa nataon'i Jesôsy. Andeha hojerentsika ny ao amin'ny Jaona aloha. Inona no lazain'i Jesôsy?

Araka ny hevitrao inona no dikan'izany?

Araka ny hevitrao inona no fiantraikan'izany teo amin'ny fahatsapan'i
Maria?

Izao dia ny famaranan'i Lioka no hojerentsika. Inona no nolazain'i Jesôsy?
Araka ny hevitrao inona no fiantraikan'izany teo amin'ny fahatsapan'i Maria?
Saintsaino ny momba izany — 2000 taona izay no lasa, ary azo antoka, fa mbola
mitantara ny tantara momba an'i Maria isika! Tsy mba isan'ireo te hiresaka amin'i
Maria ve ianao rehefa mihaona aminy any an-danitra?

Mangataha olona hamaky ny Lio. 7:43-47.

« *Simona namaly ka nanao hoe: Ataoko fa ilay namoizany be. Dia hoy lzy
taminy: Marina ny hevitrao.*

Ary Jesosy nitodika nijery an-dravehivavy ka nanao tamin'i Simona hoe: Hitanao va io vehivavy io? Niditra teto an-tranona Aho; nefa tsy mba nanome Ahy rano hanasana ny tongotro hianao; fa izy kosa nahakotsa ny tongotro tamin'ny ranomasony, dia namaoka azy tamin'ny volon-dohany. Tsy mba nanoroka Ahy akory hianao; fa izy, hatr'izay nidirako, dia tsy mbola nitsahatra nanoroka fatratra ny tongotro. Ny lohako tsy mba nohosoranao diloilo akory; fa izy kosa nanosomenaka manitra ny tongotro. Ary amin'izany dia lazaiko aminao: Voavela ny helony be, fa be fitiavana izy; fa izay voavela tamin'ny kely dia kely fitiavana”.

Ho an'ny fianarantsika ny momba ny famelan-keloka sy ny fampihavanana, ny andininy tena manan-danja indrindra dia ny Lioka 7:47. *Andeha hiarahantsika mamaky izany.*

Raha nahatsapa ianao fa nanao fahotana betsaka loatra dia tadidio io andininy io. Izany no lazain'i Jesôsy aminao. Ary rehefa sarotra amintsika ny hamela ny hafa, izay tena nanota be loatra tamintsika, dia aoka hotadidintsika izany. Raha mamela heloka isika, ary indrindra ka manaiky izany famelan-keloka izany ilay olona, dia ho tia antsika mihoatra lavitra noho ny teo alohan'ny nanotany tamintsika aza izy ireo.

Izao dia hijery tantara amin'izao vanim-potoana misy antsika izao isika. Tsy hoe marina fotsiny ihany ity tantara ity, fa dia ao avokoa ny tsipiriany rehetra, satria tantara hitan'ny rehetra izany.

Tao Tennessee, any Amerika, lehilahy iray atao hoe Donnie Edward Johnson no namono ny vadiny tamin'ny taona 1984. Nosamborina izy ary voaheloka ho faty. Niaina tao amin'ny toeran'ireo voaheloka ho faty nandritra ny taona maro izy tamin'ny fotoana nanaovan'ny mpisolovavany fandraharahana momba ny raharaha mahakasika azy. Nandritra ny taona maro tao am-ponja ingahy Johnson no nanao safidy hafa. Nilaza izy fa notezaina tamin'ny fivavahana kristianina saingy tsy niraharaha izany mandra-pahatongan'ny fotoana naha-tao am-ponja azy ny 1985, taorian'ny nahenoany ny toritenin'ny voafonja iray hafa, ka nanolorany ny tenany ho an'i Kristy voalohany indrindra. Tamin'ny taona 1990, voafonja roa hafa izay Advantista mitandrina ny andro fahafito no “nanokatra tamiko ny Baiboly tamin'ny fomba izay tsy noheveriko fa azo atao”, hoy izy nanazava.

Hitanao ve ny zava-mitranga eto? Mpanota hafa izay nahafantatra sy nanaiky ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny famelan-kelony no nizara tamin'ingahy Johnson, ary dia nanaiky koa izy. Nanatsotra ny sandriny taminy Andriamanitra, ary namaly izany fifamihinana izany koa izy, mba hihavana amin'Andriamanitra.

Mbola tsy tapitra ny fahagagan'Andriamanitra. Lasa loholom-piangonana tao amin'ny fiangonana advantista mitandrina ny andro fahafito tao Riverside, ao Nashville, Tennessee ingahy Johnson! Tsy ny fiangonana rehetra akory no hanaiky olona izay efa voafonja ho loholona, indrindra fa olona mbola any am-

ponja sady voaheloka ho faty! Fa ity iray ity dia nanaiky izany. Nanomboka nitony tamin'ireo voafonja koa ingahy Johnson ary nanomboka fandaharana tamin'ny radio izay atao hoe "What the Bible Says?" (Inona no lazain'ny Baiboly?) Te hizara ny fahasavana sy ny famelan-keloka izay hitany izy. Araka ny nolazain'ny fiangonana tao Nashville, dia betsaka ireo voafonja tonga Kristianina ka namonjy ny fiangonana taorian'ny nivoahany ny fonja.

Tsy afaka nivoaka tao anefa ingahy Johnson satria voaheloka ho faty noho ny heloka nataony izy. Ny 16 May 2019 no andro voatondro fa hamonoana azy.

Ary dia nisy fivoarana tsy fahita andavanandro niseho. I Cynthia Vaughn, zanaka vavin'ilay vehivavy novonoin'ingahy Johnson, dia efa nanameloka azy teo aloha. Nilaza izy ankehitriny fa efa namela azy, ary nangataka ny governoran'i Tennessee izy mba tsy hamono an'i Johnson. Ity misy andalan-teny avy amin'ny mpitsara an'ingahy Johnson, izay nivoaka tao amin'ny gazety iray atao hoe The Tennessean:

"Mangataka tombontsoa manokana ny hihaona aminao aty am-ponja i Cynthia, mba ahafahany mizara ny fanandraman'ny famelan-keloka kristianina". Mivaky toy izao ny fangatahana [tany am'ny governora]. "Ny fangatahan'i Cynthia momba ny famindram-po dia miavaka. Tranga tokana teo amin'ny tantaran'ny fanjakan'i Tennessee no fantatray izay nangatahan'ny zanak'ilay niharam-boina tamin'ny governora famindram-po ho an'ilay mpamono olona".

Mety afaka ny hamela heloka ny olona izay namono ny raiamandreninao ve ianao? Manao ahoana raha toa ka tsy niova izy? *Omeo fotoana kely hiadian-kevitra.*

Tamin'ny fanampim-baovao farany azo tamin'io gazety io ihany no nahazoana ny tsipiriany fa tamin'ny taona 2006 no daty voatokana hamonoana an'ingahy Johnson, fa nahemotra izany. Avy eo dia nifandray tamin-dramatoa Vaughn ingahy Johnson. Enin-taona taty aoriana, izany hoe ny 2012, vao tonga nitsidika azy izy, ka na dia tsy fantatsika aza izay tao am-pony, dia azo antoka fa tena mafy taminy izany, ary azontsika visavisaina hoe nahoana! Ary ho mafy aminao ihany koa, sa tsy izany ve?

Ity tao amin'ny gazety Tennessean ity no zavatra tsaroany tamin'izay famangiana izay:

"Taorian'ny nilazako taminy ny momba ireo taona maro niainako ratra sy ny fahoriana noho ny nataony, dia nipetraka aho ka nahare feo. Hoy ilay feo tamiko, 'ampy izay, avelao amin'izay (...)' Ny zavatra izay nivoaka ny vavako dia nanova ny fiainako mandrakizay".

"Nibanjina azy aho dia niteny taminy fa tsy afaka ny hanohy hankahala azy

satria tsy manao afa-tsy ny mamono ahy izany fa tsy hamono azy, ary avy eo dia niteny aho hoe ‘mamela anao aho’”.

Misy teboka roa izay tokony homarihintsika eto. Voalohany, ramatoa Vaughn dia nanambara mazava tamin’ily olona izay nandratra azy vokatry ny fahotana nataony taminy. Indraindray, amin’ny maha-Kristianina, raha toa ka tokony hisalasalala tsy hamela heloka, dia mihazakazaka ny hamela heloka haingana loatra isika. Tena manan-danja na ho an’ily nanota na ho an’ily niharan’izany, ny fahafantarana ny hangezan’ily trosa. Mety ho ngeza izany na kely. Eto amin’ity tranga ity dia tena ngeza izany, nefa tena ilaina hatrany ny miatrika izany mazava.

Ny teboka faharoa dia tamin’ny nilazan-dramatoa Vaughn fa ny namelany heloka dia nanova ny fiainany mandrakizay. Eny, nanova an’ingahy Johnson ihany koa izany. Fa ny famelan-keloka dia manova ny mpamela heloka bebe kokoa.

Eto amin’ity tranga ity, ingahy Johnson, dia efa nahatsapa ny fahadisoany. Ary nolazainy fa efa nangataka an’Andriamanitra hamela ny helony izy, ary nino fa efa nataon’Andriamanitra izany. Nandany taona maro tamin’izany famelan-keloka ny hafa izany izy tao am-ponja, izay nahatongavany saina. Fa indraindray ny fifamihinam-pamelan-keloka dia mila ny fikasihan’olombelona mba ho tsapa fa tena izy. Tao amin’ny loharanom-baovao vao haingana indrindra tamin’ity asasoratra ity, ingahy Johnson dia namariparitra fa ny fihaonana tamin’ny zanaka vavin’ny vadiny no “tena fanandramam-panetren-tena teo amin’ny fiainako”, ary ny fifandraisany ankehitriny aminy no “iray amin’ireo fitahiana lehibe indrindra azon’ny ray antenaina. Indraindray dia mitondra fifaliana ato am-poko isan’andro isan’andro izany”.

Farany, dia tsy nanaiky ny hanome famindram-po ho an’ingahy Johnson ny governemanta ary dia novonoina ny 16 May 2019 izy. Teo am-piatrehana ny fahafatesana anefa dia afaka niteny izy fa tao anatin’ny fiadanana tanteraka, na inona na inona sitrapon’Andriamanitra, ary raha vita ny asany, dia faly izy.

Andeha hovakintsika ny andalan-teny fototra. Anio alina, dia hijery ireo andininy roa farany isika, dia ny faha-20 sy 21. Ny Ambasadaoro dia mijoro ho an’ny fireneny. Manana hafatra avy any amin’ny fireneny izy ireo ho an’ily firenena izay nametrahana azy. Ambasadaoron’ny lanitra isika, izay firenena niaviansika. Fa miaina eto isika, amin’ny toerana izay feheziny ny fahavalo, saingy tsy ho ela intsony! Ho avy tsy ho ela i Jesôsy. Mandra-piandry izany anefa, ny hafatra izay nankinina tamintsika dia hita ao amin’ny andininy faha-20: “miangavy anareo izahay (mangataka)”, azontsika lazaina amin’izay rehetra fantatsika, “mihavàna amin’Andriamanitra anie ianareo”.

Ary afaka manomboka maneho isika hoe toy ny ahoana ny hatsaran’izany fiainana ao amin’ny tontolon’ny fitiavana izany, amin’ny alalan’ny fanolorana famelan-keloka sy fahasovana, na dia (indrindra) ho an’ireo izay tahaka an’ingahy Johnson aza, izay tsy maintsy hizaka ny vokatry ny otany.

FAMPIASANA

Manamboara marika kely (badges) milaza hoe “Ambasadaoron’ny fampihavanana”. Azonao atao ny manao mihoatra hozaraina amin’ny fiangonana mba hizarany izay nianaranareo nandritra ity herinandro fiaraha-mivavaka ity.

FAMPIASANA MANOKANA

Tohizo ny tetikasanao. Tokony efa ho vita ny antsasany amin’izao.

FAMARANANA

Farano amin’ny hira faneva sy ny vavaka ny fotoana, indrindra fa ho an’ireo izay tena mila famelan-keloka satria nanao zava-doza izy ireo. Angataho Andriamanitra mba haneho amin’ny tsirairay ny fomba ahafahany manampy sy ny hahatonga azy ho ambasadaoron’ny fampihavanana.

LESONA FAHENINA

Ny fahamarinana sy ireo vokany

FAMPIDIRANA HO AN'NY MPITARIKA

Raha toa ka tsy ho fanalana tsiny ny famelan-keloka na ho famelana ny ratsy hahazo vahana, dia ahoana no ahafahantsika, amin'ny maha-kristianina antsika, mandanjalanja ny famelan-keloka mazava sy am-pitiavana miaraka amin'ny fahavononana mazava sy am-pitiavana, ary mitovy amin'izany koa, hanampy ireo olona nanao fahadisoana mba hanao tsaratsara kokoa amin'ny manaraka? Anio isika dia hijery ny fahasamihafana eo amin'ny “fanasaziana”, “vokatry ny natao” sy “ny fitsipika”, ary ny atao hoe fahamarinana manarina. Hifantoka amin'ilay andininy farany amin'ny andininy fototra isika, izay efa nampidirina omaly, dia ny 2 Kôr. 5:21.

MOZIKA

Mitadiava hira izay hain'ny tanoranao na izay tian'izy ireo hianarana, izay mifantoka amin'ny famerenana amin'ny laoniny, indrindra fa ny fanekem-pihavanana. Raha efa manana hira faneva ianao dia hirao isan-kariva izany.

FAMPIDIRANA HO AN'NY TANORA

Efa nisasaka sahadry izao ny herinandro fiaraha-mivavaka nataontsika! Inona no nianarantsika momba ny famelan-keloka sy ny famerenana amin'ny laoniny? *Aleo izy ireo hamaly ary aza hadinoina ny manamafy fa ny famelan-keloka dia tsy fanalana tsiny.*

Raha toa ka tsy fanalana tsiny ary ny famelan-keloka, dia inona ary no mitranga raha toa ka voavela heloka ny olona iray nefa mbola mizaka ny vokatry ny asany ihany? Amin'ny fomba ahoana no ahafahantsika mitana fanahin'ny famelan-keloka nefa mahafantatra fa ilay olona dia mety hamerina ny fahotany? Andeha hanomboka amin'ny fijerena andian-teny vitsivitsy isika. Hotanisaiko izy ireo *[na azonao soratana ihany koa]* ary lazao amiko izay heverinao ho heviny. Dia mbola hiverina hijery izany indray isika any amin'ny faran'ity fotoana ity.

>>Sazy.

>>Vokatry ny natao.

>>Fitsipi-pifehezana.

Omeo minitra vitsy ho an'ny valinteny, nefa aza mandany fotoana be loatra amin'io aloha.

Matetika ireo teny ireo no afangarontsika. Ny ray aman-dreny dia mety hiteny hoe “hampihatra fitsipika izy ireo” nefa ny zavatra tena tiany holazainy dia ny hoe hanasazy antsika. Nisy fianakaviana izay nanao lisitry ny vokatry ny zavatra atao ho an'ny tranga maromaro samy hafa — herinandro tsy misy finday noho ny tsy fampiasana tsara izany na noho ny fandatsahana azy tamin'ny tany. Ny sasany mety hampiasa sazy ara-batana.

Ny zava-dehibe dia hoe mila ny fahamarinana isika. Io teny io, amin'ny teny anglisy, dia avy amin'ny fototeny mitovy amin'ny ilay tsipika mahitsy amin'ny efa-joro. Raha eo amin'ny pejy iray vita pirinty no mitovy ny sisiny roa, dia milaza isika fa manana “sisim-pirinty mahitsy”. Manehoa ohatra — matetika ny boky rehetra dia tahaka izany. *Raha manana sisim-pirinty tsy mahitsy ianao dia ampitahao izy roa.*

Matetika isika no mampiasa teny toy ny hoe “miaina fiainana mahitsy” na “mandeha amin'ny lala-marina” entina hilazana fa manao zavatra marina. Noho izany, ny “marina” sy ny “zoro mahitsy” dia samy avy amin'ny fototra mitovy ihany koa.

Noho izany, ny fahamarinana dia fananana zavatra mahitsy, marina, rariny.

Ny olana amin'io dia ny mety hiafaran'ny fisainantsika fa afaka mandoa onitra noho ny fahotana vitantsika isika. Raha mangala-javatra isika, dia mamerina izany. Raha mamaky zavatra, dia manamboatra na manolo izany. Araka ny efa noresahintsika tany aloha, dia mety afaka hanonitra ny fatiantoka ara-batana ireo, fa tsy hanonitra velively ny ratram-po nahazo ilay olona. Tsy manaisotra ny fahotantsika ireo. Rehefa vita ny zavatra iray, dia tsy afaka miverina intsony na koa mbola azo atao indray. Efa nahavoaka teny izay nirinao hosintonina hiverina any am-bavanao minitra fohy taorian'ny namoahanao izany ve ianao? Efa samy nanana izany avokoa isika rehetra.

Eo no hidiran'ny hoe fanasaziana. Indraindray isika dia mihevitra fa rehefa voasazy dia voaefa ny fahotantsika. Ohatra, nisy olona nangalatra zavatra iray. Izany hoe tokony hamerina izany izy; izany no manasitrana ilay fahaverezana. Nefa na izany aza dia tsy maintsy hosazina ihany izy, ary izany dia noheverina fa hanasitrana ny fon'ilay olona iray. Ny olona izay efa nogadraina tany am-ponja dia lazaina fa efa “nanefa ny trosany tamin'ny fiarahamonina”. Fa inona no voaefa eto raha ny marina? Raha ny fanandramanao, manasitrana zavatra ao aminao ve ny fanasaziana? Ary ny fahitana ny hafa voasazy noho ny zavatra nataony anao ve no mahatonga anao hahatsiaro ho sitrana?

Ahoana kosa ny amin'ny vokatry ny natao? Amin'ny dikany tsotra indrindra,

ny vokatry natao dia izay mitranga aorin'ny nanaovanao zavatra iray. Raha manipy baolina any ambony ianao, dia hiverina hilatsaka iny avy eo. Raha atorakao amin'ny fitara-baravarankely izany, dia ho vaky ilay fitaratra. Raha mianjera mafy ianao, dia haratra.

Fantatry ny ray aman-drenintsika fa ny sasany amin'ireo asantsika dia mety hisy vokany goavana tokoa — toy ny fampiasana zava-mahadomelina, ny fiarahana amin'ny andian-jiolahy, na ny fangalarana fiara entina anatanterahana ny filàna; ireo rehetra ireo dia mety hamono anao. Tsy tian'izy ireo hitranga izany, noho izany dia mamorona voka-javatra kelikely kokoa izy ireo. Mety hobedesina ianao, na entiny any amin'ny mpitandro ny filaminana. Aleon'izy ireo mahita anao any am-ponja toy izay maty, eny fa na dia mandratra ny fon'izy ireo ihany aza izany.

Ireo zavatra rehetra ireo dia misy tanjona lehibe iray avokoa. Inona izany? *Tokony ho afaka ny hahita izy ireo fa ny tanjona dia tsy ny mba hahatonga ny hafa haratra kokoa noho ny zavatra nataony, fa mba hahatonga azy tsy hamerina izany intsony.*

Ny “Fitsipi-pifehezana” dia lohahevitra hafa mihitsy, na dia ampiasaintsika matetika amin'ireo tontolon-kevitra ireo aza. Ny “mampihatra fitsipika” raha tsorina dia midika ho “manao anao ho tonga mpianatra”. Ny fanasaziana dia tsy manao izany. Ny vokany, na dia mety handray anjara aza ireo, dia tsy hanao ho mpianatra. Inona, araka ny hevitrao, no mety hahatonga anao haniry ho mpianatra na ho mpanaraka olona iray? *Avelao izy ireo hamaly.*

Te ho mpianatra ianao satria tianao ilay olona, sa tsy izay ve? Na fara fahakeliny, amin'ny voalohany, dia tena nahafinaritra anao izy. Ny mpianatr'i Jesôsy voalohany dia mety nanaraka Azy satria nahaliana azy ireo lzy ka izay no nisarika azy ireo ho eo Aminy. Naniry ny hianatra bebe kokoa izy ireo. Ny zavatra rehetra nataony niaraka tamin'izy ireo, isan'andro, dia ny fifehezana (fampianarana). Nampianatra azy ireo lzy, niaina niaraka tamin'izy ireo, niarania tamin'izy ireo, niara-nihomehy tamin'izy ireo. Nanitsy azy ireo lzy raha nisy ny fahadisoany. Nandritra ny fotoana, dia lasa tian'izy ireo misimisy kokoa lzy. Mbola nanao fahadisoana aza izy ireo indraindray, ary tena zava-doza mihitsy aza.

Saintsaino ity: rehefa nandà an'i Jesôsy intelo i Petera, moa nanasazy azy ve i Jesôsy? Nisy vokany ve izany? *Avelao izy ireo hamaly*

Ny vokatry izany lehibe indrindra dia ny famoizam-pony, ny tomaniny sy ny fahatsapany tena fa diso, ary ny fahaverezan'ny fitokiany fa mbola tia azy i Jesôsy; sa tsy izay ve? Nahatsapa tena ho diso sy tsy mendrika izy! Inona no nataon'i Jesôsy? Nisy zavatra roa teo.

Hojerentsika ny Mar. 16:7 aloha. *Mangataha olona iray hamaky izany.* Tena mahaliana izany. Mpianatra i Petera. Ilay teny hoe “lazao amin’ny mpianany” dia tokony efa nahatafiditra an’i Petera. Fa inona no nanatonga an’i Jesôsy hanonona azy manokana? Avelao izy ireo hamaly. Tian’i Jesôsy ho azon’i Petera antoka tsara fa mbola tia azy Izy.

Izao dia hojerentsika indray ny Jao. 21:15-17. Efa novakintsika teo aloha izany. Inona no ataon’i Jesôsy eto? Impiry no nandavan’i Petera an’i Jesôsy? Impiry i Jesôsy no nanontany azy raha tia Azy izy? Raha ny hevitrao inona no mety ho tsapan’i Petera?

Tsy ny handratra an’i Petera tahaka ny nandratrany Azy no tanjon’i Jesôsy. Fantatr’i Jesôsy fa nandratra ny fanahiny mihoatra noho ny nandratrany an’i Jesôsy izy. Te hamerina amin’ny laoniny ny banga tao amin’i Petera Izy, satria fantany fa izany no hany fomba ahafahan’i Petera mandray fanapahan-kevitra tsara amin’ny manaraka.

Misaora an’Andriamanitra ny amin’ny famelan-keloka! Manasitrana ny fo ny famelan-keloka atolony. Ary afaka mahita mazava izay tokony atao mba hahatonga ny ataontsika hahitsy isika, na hahitsy araka ny tokony ho izy. Tamin’izay fotoana izay, ny fahotan’i Petera dia nisy teny, ary ny vokany ihany koa dia nisy teny. Nanasitrana ilay fotoana nanotany izany. Nefa amin’ity indray mitoraka ity, dia tsy maintsy “hamahana ireo ondry” izy, hampahery ireo zanak’Andriamanitra lavo tahaka azy. Amin’izay fotoana izay, ny vokany dia mandritra ny andro hiainany.

NY TANTARANTSIKA HO AN’NY ANIO HARIVA

Tena mpinamana tokoa i Maria sy i Lupe hatramin’ny fahazazan’izy ireo. Tena nifankafantatra tokoa izy ireo eny fa na dia hatramin’ny fahalemen’ny anankiray aza. Somary taitaitra i Lupe, manao zavatra aloha dia manenina avy eo. Mihinana be loatra izy, indrindra fa sakafo tsy mahasalama, ary miady amin’ny hatavezana hatrany; fa ny ratsy kokoa aza, dia misy olana ara-pahasalamana hafa toy ny fiovaovan’ny fihetseham-po sy ny herijika izy. Tsapany tsara mihitsy fa mahatsiaro tena ho metimety kokoa izy rehefa mihinana sakafo izay tsara ho azy, nefa sahirana eo amin’ny fifehezan-tena sy ny filàny izy.

Etsy andaniny kosa, i Maria dia be resaka. Fantany fa ratsy ny be resaka loatra. Efa tena toetrany manokana mihitsy izany. Fa indraindray dia tsy voafehiny ny vavany ka mahateny zavatra tsy tokony holazaina sy hanenenany izy.

Matetika ny fahataitairan’i Lupe no nitondra olana ho azy ireo. Ary matetika no nanampy azy ireo hivoaka tao anatin’izany ny fahakingam-pitenenan’i Maria, nefa nisy fotoana nampifamaly azy ireo. Nolazain’i Maria tamin’i Lupe fa manao sain-jaza izy (na nataony mihitsy aza hoe “adala” na “vendrana.”) Nitomany i Lupe ary nifona ka nilaza ny tsy hamerina izany intsony. Mety ho tsy nifampiresaka nandritra ny andro vitsy izy ireo.

Nefa mifamela hatrany izy ireo amin'ny farany ary miezaka ny hanao ny tsara kokoa. Kanefa vetivety fotsiny ihany izany.

Manana fahalemena hafa izay tsy mbola nekeny i Maria. Nihevitra izy fa i Lupe no tena manana olana. Tsy te hanambany ilay namany izy, nefa dia nataony izany. Ary indraindray, indrindra fa rehefa tena tezitra iny izy, dia mifosa an'i Lupe amin'ny hafa.

Indray andro, dia nisy fitsapana tany am-pianarana ary dia nihaona izy roa vavy mba hianatra. Nanomboka nanao fahadalana indray i Lupe ary nanipitsipy poakatsaka. Nitrerona azy i Maria. "Mila sakafo isika mba hahazoantsika hery ahafahantsika mianatra! Aza manao sain-jaza toa io!"

Nanomboka tsy nahafehy tena intsony i Lupe. Nihomehy izy no sady nanipy poakatsaka misimisy kokoa. Tezitra i Maria ka nanipy ny sasany hiverina. Dia nanipy sakafo hafa indray i Lupe, ary nanomboka tsy nahafehy tena ihany koa i Maria ka nanjary romotra. Nandritra ny fotoana lava dia tao anaty ady momba ny sakafo izy ireo. Avy eo dia tonga ny renin'i Lupe.

Raha tokony hianatra izy roa dia nanjary nasaina nanadio ilay trano. Mbola nanohy i Maria avy eo na dia efa lasa tokoa aza ny fotoana, fa i Lupe kosa dia tsy nijanona. Tsy nahomby tamin'ilay fitsapana i Lupe, i Maria kosa dia nahazo ny naoty ambany indrindra izay mbola tsy azony hatramin'izay.

Tezitra mafy izy. Ny fahafantarany fa nisy fahadisoany ihany koa dia vao maika naharomotra azy misimisy kokoa. Nitsangana teo an-dalantsaran'ny sekoly izy ary teny an-tanany ny taratasim-panadinana; tamim-pahatezerana tanteraka no nilazany tamin'ny namany hoe "tena toy ny adala mihitsy iny Lupe iny! Avy aminy daholo ny nahatonga izao! Tokony hianatra izahay, nefa ohatra ny fanaon'ny zaza enin-taona no nataony tao! Tsy fantany mihitsy izany atao hoe fifehezan-tena izany! Mba jereo ange ity izy e! Matavy be, kamo, sady vondraka be mahakamo. Tsy fantatro mihitsy hoe inona koa ny antony ninamanako tamin'io!"

Nihodina tamim-pianjonana i Maria (...) ary nahita an'i Lupe nijoro teo, nisanasana ny vavany, nivaloarika ny endriny, ary nanganohano mafy ny masonry.

Nisy ampahany te hifona ihany tao amin'i Maria. Nefa tena mbola tezitra izy, ary tsy mbola nanaiky ihany koa fa tezitra amin'ny tenany tahaky ny fahatezerany amin'ny namany. Nijery an'i Lupe izy sady niteny taminy hoe "izay mihitsy no tiako ambara. Tsy te ho namanao intsony aho!"

Dia lasa izy avy eo.

Naratra ny fon'i Lupe. Toa nahatsapa izy fa tena avy aminy tokoa ny fahadisoana rehetra. Ny ratsy indrindra, dia ny fiheverany fa ny tsy fetezana nisy

rehetra teo amin'ny fifandraisan'izy ireo dia avy aminy avokoa. Ary rariny raha hanapaka ny finamanan'izy ireo i Maria.

Nody izy ary nitomany mandra-patoriny.

Iza no diso eto? Noho ny inona? Inona no azon'i Maria sy i Lupe atao izao? *Aleo hisy fotoana kely hiadian-kevitra.*

Nandritra ny telo herinandro, dia tsy nifampiresaka mihitsy i Maria sy i Lupe. Ary samy nihalotika isan'andro isan'andro ny fon'izy roa. Dia nanomboka nanaiky i Maria fa izy ihany koa dia tao anatin'ny fahadisoana. Nefa tsy nanao ny dingana voalohany izy.

Natahotra ny hiresaka tamin'i Maria i Lupe nefa niaina tao anatin'ny alahelo hatrany izy. Farany, indray andro, nanapa-kevitra ny hanoratra taratasy izy. Niaiky ny fahadisoany izy ary nampanantena fa ho tonga namana tsaratsara kokoa. Nolazainy fa tsy mendri-pamelan-keloka izy, nefa nitalaho an'i Maria mba hamela azy ihany na izany aza, ka hiverina ho mpinamana indray. Nandritra ny herinandro no nitondrany izany taratasy izany nanaraka azy tetsy sy teroa nialoha ny nananany hery ny hametraka izany tao amin'ny latabatr'i Maria mba hahitany izany.

Dia niandry izy.

Tsy te hanokatra izany taratasy izany akory i Maria aloha. Nefa nipetraka teo am-pandriany sady nihazona ilay taratasy izy ny alin'iny, ary farany dia nosokafany ihany. Mety nahita ny fahadisoany angamba i Lupe.

Tena nanaitra azy ilay taratasy. Io no fotoana nahatsapany voalohany fa manana olana amin'ny fiheveran-tena ho ambany i Lupe — ary i Maria dia nahatonga izany olana izany ho ratsy kokoa. Tena manana fahalalana ampy momba ny famelan-keloka izy matoa mahafantatra fa “tsy mendrika” izany. Raha mendrika izany izy, dia tsy famelan-keloka izany. Nahazo sary an-tsaina izy hoe hanao ahoana ny fifandraisan'izy ireo raha manaiky ity taratasy ity izy — i Lupe izay mitandrina tanteraka araka izay tratra isan'andro dia manantena ny mba hahafa-po ity namany.

Sambany izao no nitomany i Maria. Tena nitomany mafy izy. Ary dia nandohalika izy ka nitalaho tamin'Andriamanitra mba hamela ny helony tamin'ny nitsaratsarany sy nandratrany ny namany tamin'ny fomba mahatsiravina. Ary dia nankany an-tranon'i Lupe ihany koa izy mba hangataka ny famelan-kelony.

Niverina natanjaka indray ilay finamanana. Nila fotoana anefa izany. Natahotra hatrany i Lupe fa mbola tsy tena niova tsara izy, no sady manao fahadisoana; mety hanao zavatra mahatsiravina indray angamba izao i Maria. I Maria kosa dia niambina fatratra ny lelany mba hahatonga ny resak'izy ireo tsy hanahirana.

Hianatra misimisy kokoa ny tantaran'izy ireo isika rahampitso hariva. Inona no ao an-tsainao hatreto? Efa tao anatin'ny tranga toy izao ve ianao? Inona no nataonao?

Hojerentsika ny andininy farany amin'ilay andalan-teny fototra: 2 Kôr. 5:21. Araka ny hevitrao inona no nahatonga an'i Paoly hanampy io andininy io? Inona no ifandraisan'izany amin'ny maha-ambasadaoron'ny fampihavanana antsika? *Miadia hevitra. Ampio ny tanora hahita fa ny ota rehetra eto an-tany na dia ny fivadihan'i Maria tamin'ny finamanan'i Lupe aza, dia efa natrehin'i Jesôsy teo amin'ny hazo fijaliana. Tsy ny hanasazy no tanjony, fa ny hamerina antsika ao amin'ny fitiavana.*

FAMPIASANA

Mila fifandanjana ny fampihavanana mba hahatonga ny zavatra rehetra hahitsy. Hanao hetsika anaty vondrona isika mba hanehoana ny fomba ahafahan'ny olona roa miara-miasa hitandroana izany fifandanjana izany. Zarao tsiroaroa ny olona. Asaivo mipetraka eo amin'ny tany ny vondrona rehetra (ireo olona roa), mifampiankina. Ampifamatory ny sandrinareo, eo anivon'ny kiho. Miezhaha mitsangana nefa tsy mikasika ny tany amin'ny tanana. *Omeo fotoana izy ireo.*

Tena sarotra, sa tsy izany! Afaka manoro hevitra ireo izay mbola sahirana ve ny vondrona izay nahomby?

Inona no azontsika ianarana avy amin'izany? Tamin'ny fomba ahoana no tsy maintsy niarahanareo niasa? Ahoana ny fomba hanehoan'izany ny fifandraisanareo? Nisy fotoana ve ianareo nanao zavatra efa saika nanapaka ny finamananareo? Tamin'ny fomba ahoana no namahanareo izany? Afaka namerina indray tamin'ny laoniny ny finamananareo ve ianao? *Raha misy maniry ny hizara dia azony atao izay.*

FAMPIASANA MANOKANA

Tokony efa manakaiky ny fahavitan'ny tetikasanao ianao.

FAMARANANA

Farano amin'ny hira fanevanareo sy vavaka ho famerenana amin'ny laoniny ny fotoana. Angataho Andriamanitra haneho amintsika ny tokony hatao mba hamerenana amin'ny laoniny ny fifandraisana eto amin'izao tontolo izao, fa tsy hifantoka amin'ny fanasaziana ary mba "hivavaka" ho an'ny ota.

LESONA FAHAFITO

Ny Olona Sarotra Avela Heloka Indrindra

FAMPIDIRANA HO AN'NY MPITARIKA

Nianatra momba ireo dingana rehetra amin'ny famelan-keloka isika ary niezaka ny nihavana amin'ny olona izay nanota tamintsika. Matetika anefa, ny olona sarotra avela heloka indrindra dia ny tenantsika. Anio dia hijery ny famelana heloka ny tena isika sy ny fiantraikan'izany eo amin'ny finoantsika.

Ho an'ny hetsika, dia mila fitaovam-panoratana ianao. Raha azonao atao dia mila toerana azo antoka handorana taratasy ihany koa ianao sy fitaovana fandrehetana afo.

Loharanon-kevitra fanampiny: raha manana mpianatra ianao izay heverinao fa mila fanampiana hahatsapa fa voavela heloka sy eken'Andriamanitra, dia manampy tokoa ny pejy faha-50-52 ao amin'ny Ny Dia ho eo amin'ny Kristy.

MOZIKA

Mitadiava hira izay hain'ny tanoranao na izay tiany hianarana, izay mifantoka amin'ny fifandraisana manokana amin'Andriamanitra, sy amin'ny fitokiana. Raha efa manana hira faneva ianao dia hirao isan-kariva izany.

FAMPIDIRANA HO AN'NY TANORA

Ampahatsiahivo ahy indray — inona avy aloha ireo dingana eo amin'ny fifamihinam-pihavanana nianarantsika? *Tokony ho afaka ny hitanisa ny famelarana ny sandry hanolotra famelan-keloka, (na manaiky na tsy manaiky ilay olona), ny famaliana ilay famihinana raha mifanaiky ireo olona roa, ary ny fampihavanana, izay mety hiaraka amin'ny vokany ihany koa izy ireo.*

Mialoha ny hiresahantsika ny dingana farany, dia ny famelarana ny sandrintsika sy mandeha amin'ny maha-olona voaova miaraka amin'ny fifandraisana mafimafy kokoa, dia mila miresaka zavatra iray aloha isika. Efa nandinika ve ianao hoe misy olona sarotra avela heloka noho ny hafa? Ho an'ny sasany amintsika, ny mamela ny tenantsika dia sarotra kokoa noho ny mamela ny hafa. Inona no mahatonga izany araka ny hevitrao? *Avelao izy ireo hamaly.*

Ampahany hafa amin'ilay fahasarotana tany aloha ihany izany —ny fampifangaroana ny famelan-keloka amin'ny fanalana tsiny. Mety hieritreritra isika fa raha mamela ny fahatsapan-tena ho diso isika ka manaiky moramora na maimaika ny famelan-keloka, dia midika izany fa tsy tena manenina loatra isika. Fa iza no nanefa ny otantsika? I Jesôsy, sa tsy izay? Ary rehefa miezaka ny hanefa ny fahotantsika ihany koa isika, tsy toy ny milaza ve izany fa tsy ampy ny fanatitra nataon'i Jesôsy?

Hijery andininy iray izay tena mitovy amin'izany isika: 1 Jao. 1:9. *Angataho mba hisy hamaly na hanao tsianjery.* Teny fikasana ve izany? Milaza ve io fa Andriamanitra dia mety hanaiky ny hamela heloka? Tsia! Milaza io fa mamela heloka Izy! Lazainy mihitsy aza fa "Marina" Andriamanitra ka afaka ny hamela antsika! Midika izany fa misaina izay rariny sy ny tokony atao Andriamanitra! Ary raha tsy manaiky izany famelan-keloka izany isika ary mandeha amin'ny fahazavana vaovao, dia manao an'Andriamanitra ho mpandainga! Ary tena fahadisoana goavana izany.

Anio dia hijery ny andininy voalohany amin'ilay andalana fototra isika: 2 Kôr. 5:17. *Mangataha olona hamaky izany.* Inona no atao hoe "ao amin'i Kristy"? Misy zavatra tokony ataonao na holazainao ve? Azontsika atao ve ny mamorona izany maha olom-baovao izany ao anatintsika? *Avelao hisy adihevitra, ary hamafiso fa i Jesôsy irery ihany no afaka mamorona fiainam-baovao, ary ny zavatra ilaina hataontsika dia ny manaiky izany ary manomboka ny fianarana miaina mandritra ny androm-piainana sy mandeha amin'ny fiainana vaovao isan'andro.*

Ary rehefa olom-baovao ao amin'i Kristy isika, midika ve izany fa tsy hanota intsony isika? Avelao izy ireo hamaly. Midika izany fa tsy hanao izany intsony isika. Hanao izay azontsika atao isika hiainana am-pahafahana ao amin'ny fitiavan'i Jesôsy, mba ahitantsika ny tenantsika tahaka ny ahitany antsika (mendrika ny fiainany!) ary mba hahita ny hafa tahaka izany koa, na inona na inona ataon'izy ireo. Fa indraindray isika dia mbola manao fahadisoana ihany. Ary avy eo, dia miaiky ny helotsika indray isika, amin'Andriamanitra sy amin'ireo izay noratraintsika; manao izay fanonerana azontsika atao isika, ary vonona hiezaka ny hanao safidy tsara amin'ny manaraka.

NY TANTARANTSIKA ANIO ALINA

Andeha hojerentsika indray ny tantaran'i Josefa sy ireo rahalahiny. Sokafy ny ao amin'ny Gen. 44:30-33. Ampahany amin'izay mitantara ny nametrahan'i Josefa ny kapoaka volafotsiny tao amin'ny kitapon'i Benjamina ireo andininy ireo, ary dia nilaza izy fa hotazominy i Benjamina ho andevony fa avelany hody kosa ireo rahalahiny hafa. Dia izao no nolazain'i Joda, zokin'i Josefa sy Benjamina. Angataho mba hisy hamaky.

Araka ny hevitrao manao ahoana ny fahatsapan'i Joda ankehitriny? *Avelao hisy adihevitra ary manampia azy ireo hahatakatra ny fahatsiarovany ny otany tamin'ny namelany an'i Josefa hamidy ho andevo ka nandaigany tamin-drainy nandritra ny taona maro.* Araka ny Gen. 37:26, dia i Joda no nanoso-kevitra ny hivarotana an'i Josefa. Mino ve ianao fa efa namela ny tenany izy sy ireo rahalahiny tamin'io fahotana lehibe nataon'izy ireo io, tsy tamin'ny rahalahin'izy ireo ihany, fa tamin-drainy ihany koa? *Avelao hisy valiny.* Hatreto dia maka sary an-tsaina ny zavatra tsapan'i Joda isika. Tsy milaza zavatra momba izany ny Baiboly. Fa andeha isika hiverina any amin'ny faran'ny tantara, izay efa novakintsika nadritra ny roa andro. *Jereo ny Gen. 50:15-20.* Taona maro no efa lasa eto. Ireo zanak'i Jakôba sy ny zafikeliny rehetra dia niaina tamim-pilaminana tao Gosena, tany Egipta, nandritra ny taona maro. Nefa tsy toy ny milaza ve izany fa tsy mbola namela ny tenany ireo rahalahin'i Josefa? Naneho tahotra izy ireo fa tsy tena namela ny helok'izy ireo i Josefa fa mody nanao izany fony mbola velona ny rainy. Midika izany fa tsy tena namela ny tenany akory izy ireo.

Tena sarotra izany. Mila manaiky ianao ny hamelana ny tenanao tamin'ny nanaovanao zavatra ratsy. Ny tanjon'izy ireo tany am-piandohana dia ny hamono azy. Mety ho ratsy kokoa aza izany! Fa i Robena kosa dia niezaka ny hamonjy azy ka hitondra azy velona hiverina tany amin-drainy. Fa mbola tafiditra tao anatin'ity tantara mampalahelo ity ihany izy tamin'ny nandaingany tamin-drainy izay saika nahafaty azy noho ny alahelo fatratra. Ary mety ho izay ampahany izay no nahatonga azy ireo tsy nety natoky ny famelan-kelok'i Josefa satria mbola tsy namela heloka ny tenany izy ireo. Mino isika fa nanao izany izy ireo taorian'ny fahafatesan'i Jakôba.

Hojerentsika ny olan'ny famelan-keloka ny tena amin'ny alalan'ilay tantarantsika omaly. Tadidinareo ve i Maria sy i Lupe? Namitaka ny finamanany tamin'i Lupe i Maria, tamin'ny alalan'ny teny tsy nisy fiantrana momba ny namany tamin'olon-kafa, ary tamin'ny nilazany tamin'i Lupe ihany koa avy eo fa tsy te ho namany intsony izy. Tapaka ilay finamanana izay tena natanjaka tokoa sy tena nanan-danja tamin'izy mirahavavy. Fa rehefa nifamela izy ireo dia niezaka indray, mba hanangana ilay fifandraisana, nefa nila fotoana sy ezaka lehibe izany.

Nisy antony lehibe roa nahatonga izany. Ny iray dia ny fotoana nilaina ho fananganana indray ilay fitokisana. Natahotra ny mbola hitsaran'i Maria sy hanambaniany azy i Lupe, ary mbola hitantara sy hanaratsy azy any amin'ny hafa.

Fa ny antony hafa dia satria samy mbola mahatsapa tena ho diso izy roa. Fantatr'i Lupe fa niteraka olana ho azy roa hatrany ny tsy naha tompon'andraikitra azy. Ankehitriny dia matahotra ny amin'ny maha "adala" azy izy ka hahatezitra an'i Maria indray ka niezaka ny nanafoana ny toetra voajanahary nomen'Andriamanitra azy. Niezaka ny ho tompon'andraikitra hatrany izy, izay tena tsara tokoa, nefa natahotra ny mba hisangisangy (na mba hanao izay hahafaly azy). Tahaka ny nandeha teo ambony fanjaitra hatrany izy.

I Maria, na izany aza, no tena nahatsapa tena ho diso bebe kokoa. Nanana ny fahadisoany ihany koa izy. Efa nitondra azy tao anatin'ny olana ihany koa io tsy fahafehezany ny lelany io. Fa tamin'ity indray mitoraka ity, dia nanao fahotana ratsy izy ary nandratra ny olona izay tena nanan-danja tamin'ny. Mbola tsaroany tsara ny fahazavan'ny feony tamin'ny nivazavazany tamin'ny namany hafa ny momba an'i Lupe. Mbola tadidiny ny dona sy ny ratra izay tazany teo amin'ny tarehin'i Lupe, ary nanohy nieritreritra hatrany izy, « *Raha mba tonga dia nifona teo no ho eo ihany mantsy aho! Tena ratsy iny, nefa raha mba nihazakazaka nankeny amin'i Lupe mantsy aho dia niteny hoe, "mifona aho, mifona aho, tsy izany no tiako holazaina!"* Tsy noheveriko ho goavana be sy haharitra ela toy izany izy iny. Fa tonga dia nanapaka ny finamanany tamin'i Lupe izy, ary navelany nitsangana teo i Lupe niaraka tamin'ny ranomaso nameno ny tavany.

Ankehitriny, miezaka mafy isan'andro ny ho tsara fanahy izy ary very ilay hanihany ara-dalàna eo amin'ny samy mpinamana. Samy mandeha eo ambony akoran'atody izy roa (mitandrina tanteraka), ary any am-pony any dia samy manontany tena izy ireo raha tafaverina ilay fifandraisana amin'ny maha mpirahavavy teo aloha.

Tamin'ny fotoana izay nanambaran'i Maria ny fahotany, dia tsapany fa tokony hifona amin'ilay namany anankiray koa izy. Nibanjina azy izy ary menatra tanteraka nilaza hoe "tadidinao ve ny zavatra nolazaiko momba an'i Lupe tamin'iny fotoana iny?"

Efa herinandro maro lasa izay, nefa ilay namany hafa, antsoina hoe Rose, dia namaly hoe "tadidiko".

Namihina azy i Maria. Mety nankahala azy i Rose! "Efa nifona tamin'i Lupe aho, ary efa namela ahy izy, ary miezaka ny ho namana tsara aho izao. Tsapako fa tokony hifona aminao koa aho. Tsy hamerina izany intsony re aho a".

"Mamela anao aho", hoy i Rose. Ary napetrany teo amin'ny sorok'i Maria ny tanany mandra-pijerin'i Maria azy. Mamela anao aho. Aza manameloka ny tenanao intsony".

Tsapan'i Maria fa tena nanganohano ny masonry. "Tena izany tokoa! Tena halako ny tenako! Tadidiko foana ny endriny tamin'iny fotoana iny!"

"Ohatra ny niteny ianao teo hoe efa namela anao izy".

"Eny tokoa. Tena olo-masina mihitsy izy!"

Nihomehy kely i Rose; "inoako fa sady tsy olo-masina izy no tsy tahaka ilay olona nofaritanao indray andro iny. Namanao izy, ary zanak'Andriamanitra. Efa nangataka an'Andriamanitra hamela anao ihany koa ianao, sa tsy izany?"

"Eny, nefa (...)"

“Nefa maninona?”

“Mbola tsy azoko ihany ny aiko. Mino aho fa tena mamela antsika Andriamanitra rehefa tena mitalaho Aminy isika. Nefa (...) raha toa ka mbola mahatsiaro ho menatra aho dia manontany tena foana hoe tena niaiky ny heloko marina ve aho”.

“Azonao antoka ve fa tsy miezaka ny manefa ny otanao ianao amin’ny alalan’ny fahatsapana ho hafahafa mandritra ny fotoana ela?” Hoy i Rose nanontany.

Taitra i Maria. “Mandinika izany koa aho (...) nefa (...) mety (...) misaotra, Rose a! Mila miresaka amin’i Lupe indray aho”.

Tamin’iny tolakandro iny, rehefa niara-nipetraka ireto mpinamana ireto, dia nolazain’i Maria tamin’i Lupe izay nolazain’i Rose. “Toa tsapako hoe mbola tsy mahazo aina izany ihany aho mba hamerenana anao, na zavatra hafa!”

“Nefa, Maria, fantatrao fa i Jesôsy dia efa maty ho an’ny fahotantsika!”

“Fantatro, fa toy ny hoe tsy tena mbola sitrana izany isika; samy mitandrina be izany isika. Tsy mipelipelika intsony ianao, nefa tiako ianao ilay mipelipelika kely iny!”

“Marina ve izany?”

“Eny, ary tena mifona aho, noheveriko fa nahatonga anao hieritreritra hoe tsy tiako izany!”

“Eny ary, fa tiako ihany koa ianao ilay pentsam-bava iny”.

“Tena marina ve izany?”

“Eny, mino aho fa tokony hifamela isika ary hamela ny tenantsika ihany koa! Tokony tsy hanova ny maha-isika antsika isika, ary raha ilay tokony ho tezitra amin’ny anankiray rehefa mihoatra ny fefy iny izy, dia tokony hifanampy isika. Ianao afaka manampy ahy tsy hipelipelika be loatra, indrindra rehefa tokony hipetraka hanao zavatra iny isika; ohatra hoe enti-mody (...)”.

“Manaiky izany aho”, hoy i Maria. “Ianao ihany koa ange afaka manampy ahy mba tsy hipetsompetsona rehefa manomboka hifosa olona iny aho e. Ampahatsiahivo ahy hoe tokony hipetraka tsara aho dia tokony hanisa folo aloha rehefa misy mandiso fanantenana ahy”.

“Ary afaka miara-mivavaka koa isika. Mino aho fa tena hanampy izay”, hoy i Lupe nanampy.

“Tena hendry ianao ry Lupe!” hoy i Maria.

“Izaho ve? Hendry?”

“Eny, ianao. Andeha isika hivavaka. Andeha isika hifanaiky fa hivavaka isan’andro. Fantatrao, ny marina dia izao: afaka mifanampy tokoa isika, nefa i Jesôsy ihany no afaka manova antsika”.

HO AN’NY MPANATRIKA

Ahoana ny fahitanao ny vahaolana hitan’i Maria sy i Lupe? Inona no nolazainao tamin’izy ireo raha namanao izy ireo? Tena sarotra aminao ve ny mamela ny tenanao? Efa niseho teo aminao ve ny hoe rehefa tsy manaiky ny famelan-kelok’Andriamanitra iny ianao, dia miantso Azy hoe mpandainga? Efa nisy koa ve fotoana nitalahoanao ny famelany nefa tsy nahavita namela ny tenanao ianao, ka niezaka ny ho masina noho Izy? Tena manafintohina kely izany! Ny andraikitsika anio alina dia hanampy antsika hanapaka ireo sakantsakana izay napetratsika ho an’ny tenantsika.

FAMPIASANA

Zarao ireo fitaovam-panoratana. Anio alina, dia hanoratra karazan-taratasy isika. Tiako raha samy hanoratra taratasy ho an’ny tenany ny tsirairay anio. Ekeo izay fahotana mbola atahoranao, amin’ny tenanao ary amin’Andriamanitra ihany koa. Mariho raha misy olona izay tokony hiresahanao ihany koa. Soraty avokoa izay tianao hodiovin’Andriamanitra eo amin’ny fiainanao. Avy eo [raha toa ka azo antoka] dia hodorantsika ireo taratasy ireo. Eo am-pijerena ny taratasinao lasa setroka, dia saintsaino ny hahatonga ny otanao ho setroka ihany koa. Angataho Andriamanitra hiaina ao anatinao amin’ny alalan’ny Fanahy Masina mba hanampy anao hamerina amin’ny laoniny izay irinao, sy mba hiaina fiainana vaovao ampiadanana, eo am-pahazoana antoka fa ianao dia sady notiavina no navela heloka, ka afaka mamela heloka ny tenanao ihany koa.

FAMPIASANA MANOKANA

Anio alina, raha eo am-pamitana ny tetikasanao ianao, dia saintsaino manokana ny zavatra simba eo amin’ny fiainanao, ary zavatra tsara toy inona no efa nomanin’Andriamanitra ho an’ny fiainanao.

FAMARANANA

Farano amin’ny hira faneva, sy ny vavaka ho an’ny famelan-keloka tanteraka sy ny fanekena tanteraka ny famelan-keloka atolotr’Andriamanitra ny fotoana.

LESONA FAHAVALO

FIAINAM-BAOVAO

FAMPIDIRANA HO AN'NY MPITARIKA

Misy anankiray farany indrindra tsy voajery, amin'ny ampahany amin'ny fifamihinana — ny fiarahana mandeha. Eo amin'ny fifamihinam-pihavanantsika, dia midika izany fa ireo mpandray anjara roa dia handeha toy ny olom-baovao. Voaoava izy ireo teo aloha noho ny vokatry ny ota sy ny ratra navelany, fa ankehitriny dia voaoava izy ireo noho ny vokatry ny famelan-keloka sy ny fanasitranany. Mety ho hitan'izy ireo fa nanome fangoraham-po lehibe ho azy Andriamanitra. Anio, dia hijery ny fiafarana sy ny vokatr'ireo tantara rehetra tamin'ity herinandro ity isika, dia hofaranantsika amin'ny fandaniana fotoana ho an'ilay andalana fototra izany: 2 Kôr. 5:17-21. Kely kokoa ny fotoana hitenenana avy eny aloha; handany ny ankamaroan'ny fotoanareo amin'ny adihevitra misokatra ianareo.

Afaka mitondra sary hoso-doko ianao, na zavatra azo jerena iray izay nanananao nandritra ny herinandro, ka ampiasao ireny amin'ny fotoana mety. Mila fitaovana fanaovana asan-tanana koa ianao ho an'ny hetsika.

Raha azo atao, dia manaova karatra kely (badge) izay milaza hoe Ambasadaoron'ny fampihavanana, na ampiasao ny efa nataon'ny tanora teo aloha, amin'ny fiafaran'ny lanonana.

MOZIKA

Mitadiava hira izay hain'ny tanoranao na tian'izy ireo hianarana, izay mifantoka amin'ny famerenana amin'ny laoniny tanteraka sy ny fiainam-baovao. Raha efa manana hira faneva ianareo dia hirao isan-kariva izany.

FAMPIDIRANA HO AN'NY TANORA

Ity no alina farany ho antsika! Tena nandeha haingana ny fotoana, sa tsy izany? Samy nianatra zavatra betsaka momba ny famelan-keloka sy ny fampihavanana isika. Nianatra isika fa ny hoe mamela heloka dia tsy hoe ... — *Mamelà azy ireo hamaly hoe “fanalana tsiny”*. Noharintsika tamin'ny fifamihinana ny fampihavanana feno — inona avy ary ireo dingana? Raha toa ka tsy tononin'izy ireo ny hoe miara-mandeha amin'ny farany, dia ampahatsiahivo azy. Ny farany, dia tokony havelanao hitranga izany fifamihinana izany ary mandeha hianareo avy eo, sa tsy izany ve? Na dia ny fifamihinana ara-batana mahazatra aza dia

tsy maharitra mandrakizay. Mety ho eo an-tsandrin'ny olona izay tena tianao indrindra ianao, mety ho ray aman-dreny izany na koa raibe sy renibe, ohatra, ary tena mamihina azy mihitsy ianao no mety hiteny hoe “Tiako raha mba hijanona amin'izao foana aho mandrakizay!” Nefa tsy tena te hijanona eo akory ianao! Mety ho sarotra kokoa ny fiainana; miezaha mandeha sy manao ny asanao isan'andro, eny, fa na dia namihina olona aza!

Eo amin'ilay hoe fifamihinam-pihavanana, dia ny famelana izany handeha sy ny fanohizana ny dia no tena manan-danja. Samy naratran'ny fahadisoana natao teo aloha ireo olona ireo, na inona na inona izany. Ary samy nampiana sy nositrana koa izy ireo, na manomboka ho sitrana, rehefa natolotra sy nekena ilay famelan-keloka. Efa nanangana na eo am-pananganana ny fifandraisan'izy ireo indray izy ireo. Noho izany, ankehitriny dia mandeha avy amin'izay tranga voaova izay izy ireo; olom-baovao, hafa kokoa noho izy teo aloha. Mety samy hanana fangoraham-po lehibe kokoa ho an'ny iray izay nanota na niharan'ny fahotana izy ireo.

Anio alina, dia ataontsika ho hafa kokoa ny fandaharantsika. Raha tokony hijery tantara vaovao isika, dia hiady hevitra ny amin'ny fiafarana sy ireo vokatry mety hiseho avy amin'ireo tantara rehetra efa norenesintsika tamin'ity herinandro ity. Hametra-panontaniana momba ny tantara tsirairay aho, ary hiezaka ny hamaly azy ireo miaraka isika. Amin'ny tranga sasany, dia mety tsy ho fantatsika ny valiny, fa azontsika atao ny maka sary an-tsaina izay mety ho tsapantsika sy nataontsika ary ny fiovantsika raha tojo tranga mitovitovy amin'izany. Hanampy antsika izany raha avy eto amin'ity herinandro fiaraha-mivavaka ity isika, dia ny ho ambasadaoron'ny fampihavanana vaovao sy manolo-tena.

NY FIAFARAN'IREO TANTARA

Nanomboka tamin'ny fanapahan-kevitra nataon'Andriamanitra tany aloha isika tamin'ity herinandro ity; niverina tany am-piandohana mihitsy, fa vonona ny hampihavana an'izao tontolo izao Aminy Izy raha toa ka misy manota. Ho tonga ny Zanaka, hiaina ary ho faty amin'ny maha-olona Azy mba hanakatona ilay hantsana nampisaraka. Rehefa namorona ny tontolontsika Andriamanitra, tsy ela akory taorian'izay dia nisafidy ny hanao zavatra maneho tsy fahatokiana an'Andriamanitra, izay nanimba ilay lalàm-pitiavana izay nananganan'Andriamanitra ny tontolo sy ny fotoana, i Adama sy i Eva.

Tadidinao ve ny fomba namelaran'Andriamanitra ny sandriny tamin'izy ireo mba hanolorany famelan-keloka ho azy? (*Nandeha tao amin'ny zaridaina ka nitady azy ireo Izy.*)

Tamin'ny fomba ahoana no nanazavan'Andriamanitra ny fomba hiavian'izany famelan-keloka izany? (Jereo ny Gen. 3:15 mba hanampy.)

Inona no navalin'izy ireo?

Amin'ny fomba ahoana no nahalalantsika izany?

Nanao ahoana ny fiovan'ny fiainan'izy ireo — vokatry ny otan'izy ireo sy vokatry ny faneken'izy ireo ny famelan-keloka natolotr'Andriamanitra sy ny fampanantenany mpamonjy?

Ny tantarantsika manaraka dia momba an'i Jesôsy tonga hiaina sy ho faty ho antsika. Tamin'ny fomba ahoana no nanatsorany ny sandriny ho an'izao tontolo izao? Tadidinao ve ilay sary? *Asehoy raha manana ianao.*

Iza ireo olona manokana navelany heloka sy nangatahany famelan-keloka tamin'Andriamanitra?

Tamin'io alina io ihany sy tamin'ny alina manaraka ihany koa, dia nampitovy sy nijery ny fahasamihafan'ny famadihana nataon'i Petera sy i Jodasy ny fitiavan'i Jesôsy isika.

Tamin'ny fomba ahoana no namadihan'i Jodasy an'i Jesôsy?

Tamin'ny fomba ahoana no namadihan'i Petera an'i Jesôsy?

Tamin'ny fomba ahoana no nanoloran'i Jesôsy famelan-keloka sy fampihavanana ho azy ireo?

Rehefa tsy nanaiky i Jodasy dia nanao ahoana ny fiovan'ny fiainany? (*Namono tena izy.*)

Aza hadinoina fa satria tia antsika Andriamanitra, dia nanova ny fiainany hatramin'ny safidintsika mihitsy aza. Araka ny hevitrao nanao ahoana ny fahatsapana tao amin'Andriamanitra sy i Jesôsy ary ny Fanahy Masina rehefa namono tena i Jodasy?

Rehefa nanaiky ny famelan-kelok'i Jesôsy i Petera dia nanao ahoana ny fiovan'ny fiainany?

Nahita ny tantaran'ilay vehivavy teo am-pantsakana koa isika. Tamin'ny fomba ahoana no nanoloran'i Jesôsy azy famelan-keloka sy fampihavanana?

Nanao ahoana ny fiovan'ny fiainany?

Nanao ahoana ny fiovan'ny tanàna iray manontolo?

Mino ve ianao fa nanolotra famelan-keloka ho an'ireo izay tsy tia azy teo aloha ity vehivavy ity? Hazavao ny valinteninao.

Nianarantsika ihany koa ny famelan-keloka izay natolotr'i Josefa ho an'ireo rahalahiny noho ny zava-doza nataon'izy ireo tamin'ny. Nianarantsika fa ho an'ity fianakaviana ity, dia toa tsy tafakatonana tsara raha ny fijery azy ilay fifamihinam-pampihavanana — eny fa na dia taorian'ny nahafatesan'ny rain'izy ireo taona maro taty aoriana aza, dia mbola natahotra hatrany ireto rahalahiny fa mety mbola hamaly faty azy ireo i Josefa. Tadidinao ve ny zavatra nataon'i Josefa raha nahalala ny fahatahoran'izy ireo? (*Nitomany izy.*) Tsy fantatsika na nanaiky ny famelana ny helony tanteraka ihany izy ireo taty aoriana. Mitanisà fiovana mety nisy teo amin'ny fiainan'izy ireo raha nanaiky izy ireo, na raha tsy nanaiky izy ireo.

Ny tantaran'i Lea no tantara amin'izao vanin'andro iainantsika izao nojerentsika voalohany, izay namela ny vadiny hanao izay tiany. Nivavaka tamin'ny fony rehetra ny mba hiovany sy mba hahatonga an'Andriamanitra hanova azy izy. Na izany aza dia tena naharary sy tena sarotra izany. Nianatra ny niaina toetsaim-pamelan-keloka i Lea, nefa tsy fantany na ho afaka ny hanolotra izany ho an'ny vadiny hatrany izy. Araka ny hevitrao ahoana no nanovan'izany azy?

Amin'ny fomba ahoana no mety hampiova ny fiainan'izy ireo raha toa ka nanaiky ny famelan-kelony sy namaly ilay fifamihinam-pampihavanana ny vadiny?

Nanome sary mahafinaritra antsika momba ny fiovana izay miseho eo amin'ny fiainana rehefa manaiky ny famelan-keloka sy ny fampihavanana ny tantaran'i Maria Magdalena. Nanao ahoana ny fiovany fiainany? Ahoana no nanehoany izany?

Mino ve ianao fa nianatra zavatra betsaka momba ny famelan-keloka i Simôna sy ireo rehetra izay eo an-databatra noho ny tantaran'i Maria?

Saintsaino ny amin'ireo olona nahare ny momba io tantara io nandritra izay 2000 taona izay! Rehefa tonga any an-danitra, maniry hihaona amin'ireo olona izay nanana fiainana niova noho ny tantarany ve ianao?

Teo ihany koa ny tantaran'ingahy Johnson, izay voafonja noho ny vono olona, sy ilay zana-badiny, izay nisafidy ny hamela heloka azy. Nanao ahoana ny fiovany fiainana roa ireo; voalohany noho ilay ota, ary noho ilay famelan-keloka?

Nianarantsika koa ny momba an'i Maria sy i Lupe, mpinamana izay nanana fiainana nozarain'ny fahotan'ny iray tamin'izy ireo. Nanao ahoana ny fiovany fiainan'izy ireo noho izany ota izany?

Iza ihany koa no voakasik'izany?

Inona no niseho rehefa natolotra sy nekena ilay famelan-keloka? Nanao ahoana ny fiovany fiainan'izy ireo?

Tamin'io tantaran'i Maria sy i Lupe io, dia nianatra ny maha-zava-dehibe ny famelantsika ny tenantsika koa isika. Iza no ataontsika ho mpandainga raha toa ka mbola mitondra fanamelohan-tena ny amin'ny zavatra nataontsika isika? Fiainan'iza no ratraintsika? Rehefa nanaiky amin'ny fahafenoany ny famelan-kelok'Andriamanitra isika ka nampihavanina taminy, dia manao ahoana ny fiovany fiainantsika?

Raha misy olona eto manana tantara fohy momba ny fiovany fiainanao noho ny famelan-keloka, dia azonao zaraina izany ankehitriny. Ataovy azo antoka anefa fa tsy mizara tsipirian-javatra momba ny hafa ianao.

Hiaraka hamaky ny andalana fototra isika: 2 Kôr. 5:1-21. *Olona iray mamaky andininy iray dia toy izay hatramin'ny farany, atsaharo ny adihevitra.*

Te ho lasa ambasadaoron'ny fampihavanana aho. Ary ianao?

Raha maniry koa isika, indray andro any dia hitsangana eo amin'ny ranomasina fitaratra isika, ka hihaona amin'ny olona izay tsy mbola fantatsika, izay nanana fiainana niova satria nisafidy ny hiaina ho an'Andriamanitra sy ny fitiavany isika. Hisy zavatra mahafinaritra ho hitantsika any. Nomena fahitana i Ellen White, ary nosoratany ao amin'ny Hery mifanandrina tt. 673-674 izany.

“Rehefa raisina eo amin'ny tanànan'Andriamanitra ny voavotra dia manakoako manerana ny lanitra ny antsom-piderana feno hafaliana. Efa madiva hihaona ireo Adama roa. Mijoro ny Zanak'Andriamanitra, manatsotra ny tanany handray ny rain'ny taranak'olombelona — ilay nohariany efa nanota tamin'ny mpanao azy, ary noho ny nataony no nitondran'ny tenan'ny Mpamonjy ny holatry ny nanomboana Azy tamin'ny hazo fijaliana. Rehefa hitan'i Adama ny marika navelan'ireo fantsika lozabe, tsy hiantoraka eo an-tratran'ny Tompony izy, fa hietry ka hiankohoka eo an-tongony manao hoe: “mendrika, mendrika ny Zanak'ondry izay voavono!” Hatsangan'ny Mpamonjy am-pitiavana izy ary asainy mibanjina indray ilay fonenany tao Edena izay nilaozany nandritra ny fotoana elabe”.

“Rehefa voaroaka hiala tao Edena i Adama dia feno fahoriana ny fiainany teto an-tany. Ny ravina nalazo rehetra, ny biby rehetra novonoina ho fanatitra, ny fahasimbana rehetra teo amin'ny endrika kanton'ny zava-boahary, ny pentina rehetra teo amin'ny fahadiovan'ny olona, dia samy nampahatsiaro azy hatrany ny fahotany. Mafy tokoa ny nenina nanetoketoka azy rehefa mijery ny fitomboan'ny ratsy izy, ary nigoka ny ngidiny noho ny fahatsiarovany tena ho fototra niavian'ny fahotana. Tamim-panetren-tena sy tamim-paharetana no nizakany izany, saiky nandritra ny arivo taona, ny sazin'ny fandikan-dalàna. Nibebaka marina ny amin'ny fahotany izy sady natoky ny fahamendrehana'ilay Mpamonjy nampanantenaina, ka maty teo amin'ny fanantenana ny fitsanganana amin'ny maty. Ny Zanak'Andriamanitra no nanavotra ny fahadisoana sy ny fahalavoan'ny olona: ary ankehitriny tamin'ny alalan'ny asa fanavotana, dia tafaverina eo amin'ny fanjakany voalohany Adama”.

Zavatra manetriketrika toy inona re izany e! Ho an'ny hetsika ataontsika anio alina, dia asaina ianao hanao ny sarin'ny olona izay tianao hihavanana any andanitra. Na azo atao koa ny sarin'i Adama sy i Eva mihaona amin'i Jesôsy. *Omeo fotoana hanaovana izany, miankina amin'ny halavan'ny adihevitra nataonareo sy ny fandraisana anjara.*

FAMPIASANA MANOKANA FARANY

Raha mbola tsy vita, dia farano anio alina ilay tetikasanareo. Miresaha momba izany, sy momba ny fomba hanamboaran'Andriamanitra zavatra tsara avy amin'ny fahasimbana eo amin'ny fiainantsika sy ny fiarahamonina. Manomàna fotoana hanehoana ny asan-tanana vitanao sy ny toerana hanantonana izany. Mety maniry hanoratra zavatra ampiarahina amin'izany ny sasany sy mba te hanazava ny dikan'izany.

FAMARANANA

Mialoha ny vavaka ataonao amin'ity alina ity, dia angataho ireo izay te hanolo-tena hiaina amim-pitiavana, amim-pihavanana amin'Andriamanitra, ary mba ho ambasadaoron'ny fampihavanana hitsangana. Raha manana ilay “badge” ianao ho azy ireo, dia zarao izany. Azonao atao betsaka araka izay tianao sy hitanao fa mifanaraka amin'ny lanonana tahaka izao izany.

Farano amin'ny vavaka fisaorana sy ny hira faneva ny fotoana.



Imprimerie Adventiste
BP 1134 Antananarivo 101
Tél: 033 37 107 17 - 033 37 110 39 - 034 86 606 99
email: imriad@mea.adventist.mg
Voatolotra ara-dalàna: lah. 348-D/12.19
Ny natonta: 9 800 isa